# COMMUNIQUES ET ACCORDS FINAUX

**SOMMET DES CHEFS DE FILE DES MOUVANCES POLITIQUES MALGACHES**

**5 - 9 AOUT 2009**

**CENTRE DE CONFÉRENCE INTRENATIONAL JOAQUIM CHISSANO**

**MAPUTO, MOZAMBIQUE**

# FANAMBARANA SY FIFANARAHANA FARANY

**FIHAONANA AN-TAMPON'IREO MPITARIKA NY ANKOLAFY POLITIKA MALAGASY**

**5 - 9 AOGOSITRA 2009**

**TOERANA FOIBEM-PIVORIANA IRAISAM-PIRENENA JOAQUIM CHISSANO**

**MAPUTO, MOZAMBIKA**

*Traduction: Cabinet d'études Miara-Mita*

**SOMMAIRE**

I. Communiqué de l'Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar …………………..1

- Communiqué de Maputo, 9 août 2009 ……………………………………..….1 a
- Fanambarana teto Maputo, 9 Aogositra 2009……………………………......1 b

II. Accord politique………………………………………………………………. 3

- Accord politique de Maputo…………………………………………….….3 a
- Fifanarahana politikan'i Maputo……………………………………….....3 b

III. Charte de la Transition ………………………………………………………10

- Charte de la Transition signée à Maputo – Mozambique ..………………………10 a
- Dinan'ny Tetezamita nosoniavina teto Maputo – Mozambika..…………………..10 b

*Annexes:*……………… ……………………………………………………...24

- *Proposition de LOI N° …portant amnistie* ..................…………………………..24a
- *Tolo-dalàna Laharana …amotsoran-keloka* …………………………………24 b

IV. Accords ………………………………………………………………………30

- Accord n° 1 de Maputo sur l'annulation des charges relatives aux évènements de 2002 à Madagascar ……………………………………………………………………30 a
- Fifanarahana voalohan'i Maputo momba ny fanafoanana ireo andraikitra nobaben'ireo voakasiky ny zava-niseho tamin'ny 2002 ………………………………..30 b
- Accord n° 2 de Maputo sur le cas du Président Marc Ravalomanana …………...32 a
- Fifanarahana faharoa mikasika ny Filoha Ravalomanana………………………..32 b
- Accord n° 3 de Maputo sur l'annulation des condamnations envers des personalités politiques, civiles et militaires sous le régime Ravalomanana ..………………………..36 a
- Fifanarahana fahatelo mikasika ny fanafoanana ireo fanenjehana sy fanamelohana ireo mpanao politika, sivily na miaramila nandritra ny fitondrana Ravalomanana………..36 b

V. Charte des valeurs…………………………………………………………….38

- Charte des valeurs ……………………………………………………………..38 a
- Tenierana momba ny soatoavina …………………………………………………38 b

NB:
Version Française (pagination a)
Version Malagasy (pagination b)

SIGLES

| **Français** | | **Malagasy** | |
|---|---|---|---|
| CENI | Commission Electorale Nationale Indépendante | VTMF | Ny Vaomieram-pirenena tsy miankina momba ny fifidianana |
| CES | Conseil Economique et Social | FFTP | Filankevitra momba ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina |
| CNR | Conseil National de Réconciliation | FPFP | Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana |
| CRDSN | Comité de Réflexion sur la Défense et la Sécurité Nationales | KMFFF | Komity mandalina ny momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Fandriampahalemana eto amin'ny Firenena |
| CST | Conseil Supérieur de la Transition | FKAT | Filankevitra Anambon'ny Tetezamita |
| CT | Congrès de la Transition | KT | Kongresin'ny Tetezamita |
| HCT | Haute Cour de la Transition | FAT | Fitsarana avon'ny Tetezamita |
| OIF | Organisation Internationale de la Francophonie | | Fikambanan'ny tany miteny frantsay |
| ONU | Organisation des Nations Unies | | Firenena Mikambana |
| SADC | Communauté pour le Développement de l'Afrique Australe | | Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika |
| UA | Union Africaine | | Firaisambe Afrikana |

## I. COMMUNIQUE DE L'EQUIPE CONJOINTE DE LA MEDIATION POUR MADAGASCAR

# COMMUNIQUE DE MAPUTO 9 AOUT 2009

Le Sommet des Chefs de file des mouvances politiques malgaches de Maputo, qui s'est tenu sous l'égide de l'Union africaine dans le but d'échanger sur les moyens d'accélérer la résolution de la crise politique qui dure depuis 6 mois à Madagascar, s'est clôturé ce dimanche 9 août au Centre de Conférence Joaquim Chissano à Maputo, Mozambique.

Les conclusions du Sommet découlent des larges consultations conduites par l'Equipe Conjointe de Médiation du 5 au 9 août avec les Chefs de file des mouvances politiques malgaches Andry Rajoelina, Marc Ravalomanana, Didier Ratsiraka et Albert Zafy. L'objectif était d'identifier les points d'accord et de désaccord ainsi que d'explorer les moyens de faire face aux obstacles restant afin de restaurer la normalité à Madagascar.

Pendant ce sommet historique des Chefs de file, qui se sont rencontrés pour la première fois et se sont mis d'accord sur un cadre pour une transition neutre, inclusive, pacifique et consensuelle ainsi que sur la mise en place d'un Gouvernement d'union nationale dirigé par un Premier Ministre de consensus, 3 Vice Premier Ministres et 28 Ministres.

Le Sommet de Maputo s'est conclu sur les accords suivants :

- L'Accord politique de Maputo
- La Charte de la Transition
- La Charte des valeurs, visant à promouvoir un esprit de non-violence, de tolérance, de pardon, de réconciliation et de respect mutuel
- Un accord sur l'annulation des condamnations liées aux évènements de 2002 à Madagascar
- Un accord relatif au cas du Président Ravalomanana
- Un accord sur l'annulation des condamnations envers des personnalités politiques, civiles et militaires sous le régime Ravalomanana

## FANAMBARANA TETO MAPUTO, 9 AOGOSITRA 2009

Nifarana androany alahady 9 Aogositra tao amin'ny "Toerana Foibem-pivoriana iraisam-pirenena Joaquim Chissano" teto Maputo, Mozambika, ny Fihaonana an-tampon'i Maputo, izay niarahan'ireo Mpitarika ny ankolafy politika malagasy nikaon-doha, teo ambany fiahian'ny Firaisambe Afrikana ary hikatsahana ny fomba hanafainganana ny famahana ny krizy politika ao Madagasikara izay mitarazoka efa enim-bolana izao.

Ireo tsoa-kevitry ny Fihaonana an-tampony dia vokatr'ireo fakana hevitra malalaka izay notarihan'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara ny 5 ka hatramin'ny 9 Aogositra ary niarahany tamin'ireo Mpitarika ny ankolafy politika malagasy Rajoelina Andry, Ravalomanana Marc, Ratsiraka Dider ary Zafy Albert. Ny tanjona tamin'izany dia ny hamantarana mazava ny hevitra ifanarahana sy ireo izay tsy ifanarahana ary koa ny hikarohana ny fomba hiatrehana ny sakana sisa tavela mba hamerenana amin'ny laoniny ny ao Madagasikara.

Nandritra izany fihaonana an-tampony manan-tantara izany no nihaona voalohany ireo Mpitarika ankolafy politika ary nifanaraka mikasika lasitra iray handaminana teteza-mita tsy mitanila, iaraha-manana, entina amin'ny fomba tsy misy fifanandrinana ary mandala ny marimaritra iraisana; nifanarahany ihany koa ny amin'ny fananganana Governemantam-piraisam-pirenena tarihana Praiminisitra ifanarahana amin'ny marimaritra iraisana sy Praiminisitra Lefitra 3 ary Minisitra 28.

Nifarana tamin'ireto fifanarahana manaraka ireto ny Fihaonana an-tampon'i Maputo:

- Ny Fifanarahana politikan'i Maputo
- Ny Dinan'ny Tetezamita
- Ny Tenierana momba ny soatoavina, hoenti-mandrisika ny toe-tsaina manome vahana ny tsifampiasan-kery, ny fifampizakana, ny fifamelana, ny famitranam-pihavanana ary ny fifanajana
- Fifanarahana iray mikasika ny fanafoanana ny fanamelohana mifandraika amin'ny zava-niseho tamin'ny 2002 tany Madagasikara
- Fifanarahana iray mikasika ny Filoha Ravalomanana
- Fifanarahana iray mikasika ny fanafoanana ny fanamelohana mpanao politika sivily sy miaramila nandritra ny fitondrana Ravalomanana.

Les participants se sont mis d’accord sur la durée de la période de transition, qui ne devra pas aller au delà de 15 mois à partir de la date de signature de l’Accord politique de Maputo. La transition prendra fin avec la tenue d’élections crédibles organisées sous supervision internationale et menant à la mise en place d’institutions démocratiques et stables à Madagascar.

Les parties se sont également mises d’accord sur les institutions de la transition, l’amnistie, la réconciliation nationale, le statut des anciens Chefs d’Etat et les réformes constitutionnelles.

L’Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar félicite les Chefs de file pour leur sens des responsabilités et leur engagement remarquable à accompagner le retour de Madagascar à la normalité. Elle appelle tous les acteurs politiques malgaches à maintenir le consensus de Maputo qui permettra le retour à la paix et la stabilité ainsi que la reprise de la marche du pays vers la prospérité.

L’Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar espère que l’esprit de Maputo accompagnera les parties dans la mise en œuvre de cet Accord historique.

L’Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar espère également que le Peuple Malgache demeurera uni derrière ses leaders politiques et soutiendra les objectifs et Accords signés lors du Sommet de Maputo.

Quant à elle, l’Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar s’engage à soutenir, avec l’appui du Groupe International de Contact et la communauté internationale toute entière, le processus de transition jusqu’à son aboutissement.

En son nom ainsi qu’au nom des mouvances politiques malgaches, l’Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar remercie le peuple et les autorités du Mozambique pour leur hospitalité durant le Sommet.

Nifanarahan'ny mpandray anjara ny fotoana haharetan'ny tetezamita izay tsy mahazo mihaotra ny 15 volana manomboka ny vanin'andro anaovan-tsonia ny Fifanarahana politikan'i Maputo. Ny fanatanterahana fifidianana azo itokiana, karakaraina eo ambany fanaraha-maso iraisam-pirenena ary mitondra mankany amin'ny fametrahana andrim-panjakana demokratika sy marin-toerana any Madagasikara no mamarana ny tetezamita.

Nifanarahan'ireo ankolafy rehetra ihany koa ny mikasika ireo andrim-pitondrana tetezamita, ny famotsoran-keloka, ny famitranam-pihavanana eto amin'ny firenena sy ny satan'ireo Filoham-panjakana teo aloha ary fanovana mahakasika ny Lalam-panorenana.

Miarahaba ireo Mpitarika ankolafy ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara noho izy ireo nahatsapa tena ho tomponandraikitra sy nanome toky hentitra fa hanome tanana hatrany amin'ny famerenana an'i Madagasikara amin'ny laoniny. Miantso ny mpanao politika malagasy rehetra izy ireo hitana hatrany ny marimaritra iraisan'i Maputo izay hahazoana miverina amin'ny fandriampahalemana sy ny fiainam-pirenena marin-toerana ary mamerina ihany koa ny fizotran'ny firenena ho amin'ny firoboroboana.

Manantena ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara fa handala hatrany ny toe-tsain'i Maputo ireo ankolafy rehetra eo amin'ny fanantanterahana ity Fifanarahana manan-tantara ity.

Manantena ihany koa ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara fa hivondrona hatrany ao an-damosin'ireo mpitarika politikany ny Vahoaka Malagasy ary hanome tanana hanatrarana ireo tanjona sy Fifanarahana nosoniavina nandritra ny Fihaonana an-tampon'i Maputo.

Ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara kosa etsy ankilany dia manome toky hentitra fa hanome tanana amin'ny fizotry ny tetezamita mandra-pahatafitany, miaraka amin'ny fanampian'ny Vondrona Iraisam-pirenena Mampifandray sy ny fivondronambe iraisam-pirenena manontolo.

Amin'ny anarany sy amin'ny anaran'ireo ankolafy politika malagasy, dia misaotra ny vahoaka sy ireo manam-pahefana ao Mozambika ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara noho ny fahaiza-mandray nasehony nandritra ny Fihaonana an-tampony.

# II. ACCORD POLITIQUE DE MAPUTO /

# FIFANARAHANA POLITIKAN'I MAPUTO

# ACCORD POLITIQUE DE MAPUTO

Dans le cadre du mandat de l'Equipe conjointe de Médiation pour Madagascar sous l'égide de l'Union Africaine (AU), de la Communauté de Développement de l'Afrique Australe (SADC), de l'Organisation Internationales de la Francophonie (OIF) et de l'Organisation des Nations Unies,

Ayant échangé des points de vue sur un certain nombre de questions visant à la résolution durable de la crise à Madagascar,

Ayant en particulier considéré la question de l'annulation des charges relatives aux évènements de 2002 et du cas du Président Ravalomanana,

Déterminés dans un esprit de réconciliation et avec la volonté de placer l'intérêt national au dessus des intérêts particuliers,

S'engageant sur une charte des valeurs prônant la non-violence, la tolérance, la pardon, la réconciliation et le respect mutuel,

Nous les quatre chefs de file réunis au Centre International de Conférences Joaquim Chissano à Maputo, Mozambique du 5 au 8 août 2009, décidons de signer l'Accord politique de Maputo et nous engager à le respecter et à le mettre en œuvre.

**I – De la Transition**
**Article 1**
La Transition sera neutre, inclusive, pacifique et consensuelle en vue de l'organisation d'élections régulières et transparentes et de la mise en place d'institutions démocratiques stables.

**Fifanarahana politikan'i Maputo**

Anatin'ny andraikitra nanirahana ilay Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara izay ambany fiahian'ny Firaisambe Afrikana (AU), ny Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC), ny Fikambanan'ny tany miteny frantsay ary ny Firenena Mikambana,

Rehefa nifanakalo fijery momba ny lafin-kevitra maromaro ikatsahana vahaolana mateza amin'ny fifanenjanana ao Madagasikara,

Rehefa nandinika manokana ny amin'ny fanafoanana ny andraikitra nobaben'ireo voakasiky ny zava-niseho tamin'ny 2002 sy ny amin'izay mikasika ny Filoha Ravalomanana,

Mijoro amin'ny fomba fisaina mankamin'ny famitranam-pihavanana ary entanin'ny finiavana hanome vahana ny soan'ny firenena mihoatra noho ireo tombontsoa manokana samihafa,

Mijoro ho tompon'antoka amina Tenierana iray momba ny soatoavina izay mamarafara ny tsifampiasan-kery, ny fifampizakana, ny fifamelana, ny famitranam-pihavanana ary ny fifanajana,

Izahay mpitarika ny ankolafy efatra tafavory eto amin'ny Toerana Foibem-pivoriana iraisam-pirenena Joaquim Chissano eto Maputo, Mozambika ny 5 hatramin'ny 8 Aogositra 2009 dia manapakevitra hanao sonia ny Fifanarahana politikan'i Maputo ary manome antoka fa hanaja sy hanatanteraka azy.

**I – Ny amin'ny Tetezamita**

**Andininy 1**

Tsy hitanila ny teteza-mita, hiaraha-manana, ho entina amin'ny fomba tsy misy fifanandrinana ary handala ny marimaritra iraisana mba hitsinjovana ny fikarakarana fifidianana manara-penitra sy mangarahara tanteraka sy ny fananganana andrim-panjakana marin-toerana mandala ny demokrasia.

**II – De la durée de la Transition**
**Article 2**
La Transition prendra fin après la tenue d'élections crédibles et transparentes et la mise en place des nouvelles institutions de la République malgache. L'organisation du référendum sur la Constitution et des élections présidentielles et législatives aura lieu dans un délai n'excédant pas quinze mois à compter de la date de signature de l'Accord politique à Maputo.

**III – De la mission de la Transition**
**Article 3**
La mission de la Transition est de :

- Assurer la continuité de l'Etat et le respect de ses engagements nationaux et internationaux ;
- Rétablir l'ordre et la sécurité ;
- Initier le processus *« Vérité et réconciliation »* ;
- Concevoir et mettre en place des structures étatiques dans le respect mutuel des diversités dans l'unité ;

- Organiser les consultations populaires (référendum sur la Constitution et élection) devant instaurer un nouvel ordre constitutionnel et mettre en place les institutions républicaines et démocratiques.

**IV – Des institutions de la Transition**
**Article 4**
Les institutions de la Transition sont composées de :
- Le Président et le Vice-président de la Transition
- Le Gouvernement d'union nationale de la Transition : un Premier Ministre de consensus, 3 Vice-Premiers Ministres et 28 Ministres

## II – Ny amin'ny fotoana haharetan'ny Tetezamita

**Andininy faha-2**

Mifarana ny Tetezamita rehefa tontosa ny fifidianana azo itokiana sady mangarahara ary voatsangana ny andrim-panjakana vaovaon'ny Repoblika malagasy. Tontosaina ao anantin'ny fotoana voafetra tsy hihoatra ny dimiambinifolo volana manomboka amin'ny vanin'andro anasoniavana ny Fifanarahana politikan'i Maputo ny fitsapankevibahoaka momba ny Lalàm-panorenana sy ny fifidianana filoham-pirenena sy mpanao lalàna.

## III – Ny amin'ny andraikitra ankinina amin'ny Tetezamita

**Andininy faha-3**

Ireto no andraikitra ankinina amin'ny Tetezamita:

- Miantoka ny fitohizan'ny Fanjakana sy ny fanajan'ny Fanjakana ny teny nomeny teto amin'ny sehatry ny firenena sy teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena;
- Mamerina amin'ny laoniny ny filaminana sy ny fiantohana ny aina amam-pananana;
- Manainga ny fizorana ho amin'ny "Fahamarinana sy famitranam-pihavanana";
- Mamolavola sy manangana rafi-pandaminam-panjakana ka anatin'ny fiombonana no ifanajana amin'izay maha samy hafa.
- Mandamina ny fakana ny hevi-bahoaka (fitsapankevibahoaka momba ny Lalàmpanorenana ary koa fifidianana) izay kendrena hitondra lamina vaovao araka ny lalàna fototra ary hampitsangana ireo andrim-panjakana andalàna ny repoblika sy ny demokrasia.

## IV – Ny amin'ny andrim-pitondran'ny Tetezamita

**Andininy faha-4**

Ireto avy no andrim-pitondran'ny Tetezamita:

- Ny Filoha sy ny Filoha lefitry ny Tetezamita
- Ny Governemantam-piraisam-pirenen'ny Tetezamita: Praiminisitra ifanarahana amin'ny marimaritra iraisana, Praiminisitra lefitra 3 ary Minisitra 28

• Un organe législatif bicaméral de la Transition comprenant le Conseil supérieur de la Transition (Chambre haute à [65 membres]) et le Congrès de la Transition Chambre basse à [258 membres])
• Le Conseil national de réconciliation (CNR)
• Le Conseil économique et social de la Transition (CES)
• Le Comité de réflexion sur la Défense et la sécurité nationale (CRDSN)
• La Haute cour de la Transition (HCT)
• La Commission électorale nationale et indépendante (CENI)

**V- Participation aux élections organisées par la Transition**
**Article 5**
Les membres du Gouvernement de Transition s'engagent à ne pas se présenter à l'élection présidentielle organisée par la Transition.

**VI – Organisation des élections**
**Article 6**
Les mouvances politiques réaffirment leur volonté d'organiser les élections présidentielles et législatives et le référendum sur la Constitution dans un délai n'excédant pas quinze mois à partir de la date de signature de l'Accord politique de Maputo, ce après une évaluation indépendante conduite par des experts nationaux et internationaux de l'UA, de la SADC, de l'OIF et de l'ONU. Le processus électoral bénéficiera du soutien de la communauté internationale. Les élections seront observées par des observateurs nationaux et internationaux.

- Andry mpanao lalàna miefi-droa ahitana ny Filankevitra anambon'ny Tetezamita (FKAT, Antenimiera anambo [misy mpikambana 65]) sy ny Kongresin'ny Tetezamita (KT, Antenimiera tsotra [misy mpikambana 258])
- Ny Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana (FPFP)
- Ny Filankevitry ny Tetezamita ny amin'ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina (FTFS)
- Ny Komity mandalina ny amin'ny Fiarovana sy ny antoka aina amam-pananana eto amin'ny firenena (KMFAAA)
- Ny Fitsarana avon'ny Tetezamita (FAT)
- Ny Vaomieram-pirenena mahaleotena momba ny fifidianana (VMF)

## V – Firotsahana amin'ny fifidianana karakarain'ny Tetezamita

**Andininy faha-5**

Manome toky ny mpikambana amin'ny Governemantan'ny Tetezamita fa tsy hirotsaka amin'ny fifidianana Filoha-m-pirenena karakarain'ny Tetezamita.

## VI – Fikarakarana ny fifidianana

**Andininy faha-6**

Hamafisin'ny ankolafy politika ny finiavany hikarakara ny fifidianana Filohan'ny Repoblika sy antenimiera mpanao lalàna ary fitsapankevibahoaka momba ny Lalàm-panorenana ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny dimiambifolo volana manomboka amin'ny vanin'andro anasoniavana ny Fifanarahana politikan'i Maputo. Izany dia rehefa vita fandanjalanjana mahaleotena ataona manampahaizana teratany sy iraisam-pirenena avy amin'ny UA, ny SADC, ny OIF ary ny ONU. Hahazo fanohanana avy amin'ny fivondronambe iraisam-pirenena ny fizotran-draharaha mikasika ny fifidianana. Hanara-maso ny fifidianana ny mpanara-maso teratany sy iraisam-pirenena.

**VII – Annulation, amnistie et réconciliation nationale**

**Article7**

Dans un but d'apaisement politique et social, et afin de favoriser le processus de réconciliation nationale, le Conseil national de réconciliation soumettra pour adoption auCongrès de la Transition une proposition de loi d'amnistie générale. La loi d'amnistie respecte scrupuleusement les règles, les principes généraux et coutumiers du droit international ainsi que les traités ou accords internationaux en vigueur gouvernant la répression des crimes de guerre, des crimes de génocide et crimes contre l'humanité. Dans le respect des mêmes règles et principes, elle ne couvre ni n'exonère les violations graves des Droits de l'Homme et des libertés fondamentales protégés par les instruments régionaux et internationaux liant la République de Madagascar. Elle n'annule pas les crimes et délits constitutifs d'atteintes à la vie, à l'intégrité physique des personnes.

**Article 8**

La loi d'amnistie s'entend dans le strict respect de la présomption d'innocence. Elle clôt définitivement toute poursuite de quelque nature que ce soit et ce devant toutes les juridictions ou instances. Elle éteint l'action publique. Elle annule toutes les condamnations et sanctions administratives de quelque nature que ce soit définitivement prononcée ou non.

**Article 9**

L'amnistie fait l'objet d'un projet de loi adopté par les mouvances politiques lors des négociations de l'Hôtel Carlton à Antananarivo et annexé au présent accord. Il est inscrit en priorité à l'ordre du jour des deux chambres (CST et CT) pour ratification lors de leurs premières sessions.

**Article 10**

Sont couverts par la loi l'amnistie toutes les infractions, manquements et fautes quels que soient leur nature, leur objet ou leur qualification, commis durant l'exercice de leurs fonctions ou de leurs responsabilités par l'ensemble des personnes ayant eu en charge les fonctions de direction ou d'exécution au sein de l'Etat ainsi que celles de

## VII – Fanafoanana, aminisitia sy famitranam-pihavanan'ny Firenena

**Andininy faha-7**

Mba hampitony ny eo amin'ny politika sy ny eo amin'ny fiarahamonina ary mba hanome vahana ny famitranam-pihavanana eto amin'ny Firenena ny Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana dia hametraka tolo-dalàna fanomezana aminisitia ankapobe holanian'ny Kongresy. Ny lalànan'ny aminisitia dia manaja amin'ny antsipirihany ireo fitsipika, ireo fotokevitra ankapobeny sy efa raikitra fanao mahazatra amin'ny lalàna iraisam-pirenena ary manaja toy izany koa ireo fifanekena na fifanarahana iraisam-pirenena manan-kery itondrana ny famaizana ny heloka bevava an'ady, ny heloka bevava amin'ny famongoran-taranaka sy ny heloka manosy ny mahaolona. Ao anatin'ny fanajana ireo fitsipika sy fotokevitra voalaza ireo dia tsy isan'ny voakasika na afahana ny fandikana lalina ny Zon'Olombelona sy ny falalahana fototra izay arovan'ny fifampifehezana momba izany mamatotra ny Repoblikan'i Madagasikara anatin'ny vondrom-paritra sy ny iraisam-pirenena. Tsy foana ny heloka bevava sy ny heloka tsotra voafaritra ho faningorana ny aina sy ny vatan-tenan'olombelona.

**Andininy faha-8**

Ny lalànan'ny aminisitia dia manaja tanteraka ny fiheverana fa mbola madio tsy meloka ilay voakasika. Akatony tanteraka tsy mimpody intsony rehefa mety ho fanenjehana na toy inona na toy inona ary eo anatrehan'ny fitsarana rehetra na ny ambaratongany avy. Faranany tsy hisy intsony ny fanarahan'ny fanjakana. Foanany avokoa rehefa fanamelohana sy famaizana ara-pitondrana na inona na inona ny aminy ary na efa nivoaka tsy azo hiverenana na tsia ny hampiharana azy.

**Andininy faha-9**

Ny aminisitia dia misy volavolan-dalàna momba azy izay neken'ny ankolafy politika tamin'ny fifampiraharahan'ny Hotely Carlton tao Antananarivo ary atovana amin'ity fifanarahana ity izany. Voapetraka laharam-pahamehana voalohany amin'ny fandaharam-potoanan'ny antenimiera roatota (FKAT sy KT) io mba hankatoaviny amin'ny fivoriany voalohany avy.

**Andininy faha-10**

Voafoakan'ny lalànan'ny aminisitia izay rehetra fandikana, filefana andraikitra ary hadisoana na toy inona na toy inona ny aminy, anton-javatra niharany na fomba namaritana azy, ka nataon'ny fitambaran'ireo olona niankinana andraikitra fitaleavana na fanatanterahana teo anivon'ny Fanjakana ary toy izany koa ny amin'ireo tompon'andraikitra politikan'ny mpanohitra tanelanelan'ny voalohan'ny janoary 2002 sy ny vanin'andro anasoniavana izao fifanekena izao.

responsables politique de l'opposition entre le 1er janvier 2002 et la date de signature du présent accord.

Sont nulles et de nul effet toutes poursuites, décisions, condamnations judiciaires ou administratives ayant été faites sur la base des infractions et faits de nature politique maquillés en infractions de droit commun.

**Article 11**
Toute personne bénéficiaire de l'amnistie est remise en liberté sans délai et recouvre, sans autres formalités, ses droits civils et politiques.

**Article 12**
La loi d'amnistie entre en vigueur après sa promulgation et sa publication au journal officiel de Madagascar.

**Article 13**
Toute personne victime des événements politiques entre 2002 et la date de signature du présent accord qui aurait subi des préjudices de quelque nature que ce soit aura droit à une réparation et/ou à une indemnisation par l'Etat dont les modalités seront fixées par le CNR.

**Article 14**
Sont exclus de l'amnistie les crimes contre l'humanité, les crimes de guerre, les crimes de génocide et les violations graves des Droits de l'Homme.

**Article 15**
Un fonds national de solidarité (FNS) sera mis en place afin d'indemniser les ayant-droit et les victimes pour les préjudices subis lors des événements politiques de 2002, 2006, 2008 et 2009.

**Article 16**
Sont nulles et de nul effet toutes les condamnations judiciaires et toutes les sanctions administratives liées aux événements de 2002.

Foana ary tsy misy vokany rehefa mety ho fanenjehana, fanapahana, didim-pitsarana na didim-pitondrana manameloka ka niainga tamina fandikana na toe-javatra politika izay novana endrika hanjary fandikan-dalàna tsotra.

**Andininy faha 11**

Izay olona mahazo aminisitia dia avotsotra tsy misy hataka andro ary miverina aminy tsy ilana fombafombany ny zony amin'ny maha olom-pirenena azy sy ny zony amin'ny politika.

**Andininy faha 12**

Manan-kery ny lalànan'ny aminisitia rehefa navoaka sy miseho anatin'ny Gazetim-panjakan'i Madagasikara.

**Andininy faha 13**

Ny olona niharan'ny zava-niseho politika tanelanelan'ny 2002 sy ny vanin'andro anasoniavana izao fifanarahana izao ka nisy fahavoazana na tamin'inona na tamin'inona dia manan-jo hanarenana sy/na hanoneran'ny Fanjakana an'izany araka izay fombafomba hofaritan'ny FPFP.

**Andininy faha 14**

Ivelan'ny mahazo aminisitia ny heloka manosy ny mahaolona, ny heloka bevava an'ady, ny heloka bevava amin'ny famongoran-taranaka ary ireo fandikana lalina ny Zon'Olombelona.

**Andininy faha 15**

Misy tahirim-pirenena firaisan-kina (TPFK) hoentina manonitra ireo manan-jo sy ireo niharam-boina voatohina noho ny zava-niseho politika tamin'ny 2002, 2006, 2008 ary 2009.

**Andininy faha 16**

Foana ary tsy misy arakaraka ny fanamelohana rehetra nataon'ny fitsarana sy ny famaizana rehetra ara-pitondrana mifandrohy amin'ny zava-niseho tamin'ny 2002.

**VIII – Statut des anciens Chefs d'Etat**
**Article 17**
Les parties s'engagent à élaborer un statut qui réservera aux anciens Chefs d'Etat, y compris le Chef de la Transition, la considération due à leur rang passé, préservera leur dignité et garantira leur sécurité.

**Article 18**
Les anciens Chefs d'Etat sont nommés Sénateurs à vie.

**IX – Rédaction de la Constitution de la IVe République**
**Article 19**
Une commission nationale de relecture de la Constitution et des autres textes fondamentaux sera mise en place par le Conseil national de réconciliation.

**X- Dispositions finales : rôle de la communauté internationale**
**Article 20**
La mise en œuvre de cet accord et le déroulement de la Transition seront accompagnés par l'Equipe conjointe de Médiation pour Madagascar avec le soutien du Groupe International de Contact et des différents partenaires de Madagascar.

**Article 21**
L'Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar composée par l'UA, la SADC, l'OIF et l'ONU est garante de la mise en œuvre du présent accord.

**Maputo, le 8 août 2009**

## VIII – Satan'ireo filoham-panjakana taloha

**Andininy faha-17**

Manome toky ny ankolafy mpifanaraka fa hamolavola sata iray ho an'ireo Filoham-Panjakana taloha, anisan'izany ny Filohan'ny Tetezamita izay mamaritra manokana ny fiheverana aman-kaja sahaza ny laharana nisy azy teo aloha, hitandroana ny fahamendrehany ary hiantohana ny fitsimbinana azy.

**Andininy faha-18**

Tendrena ho Loholona mandra-pahafatiny ny Filoham-Panjakana taloha.

## IX – Fanoratana ny Lalàm-panorenan'ny Repoblika faha-IV

**Andininy faha-19**

Hisy vaomieram-pirenena hatsangan'ny Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana hamerina handinika ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna fototra hafa.

## X- Fepetra farany : anjara andraikitry ny fivondronambe iraisam-pirenena

**Andininy faha-20**

Ny fanatanterahana izao fifananarahana izao sy ny fizotran'ny Tetezamita dia hozohian'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara izay omban'ny fanohanan'ny Vondrona Iraisampirenena mampifandray ary ireo mpifarimbona samy hafa amin'i Madagasikara.

**Andininy faha-21**

Mpiantoka ny fanatanterahana an'izao fifanekena izao ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana atao momba an'i Madagasikara izay misy ny UA, ny SADC, ny OIF ary ny ONU.

**Maputo, faha 8 Aogositra 2009**

**Manao sonia**

Rajoelina, Andry

Ratsiraka, Didier

Ravalomanana, Marc

Zafy, Albert

**Manao sonia ho vavolombelona**

Firaisambe Afrikana (UA)

Ablassé Ouédraogo

Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC)

Joaquim Chissano, Filohan'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara

Fikambanan'ny tany miteny frantsay (OIF)

Edem Kodjo

Firenena Mikambana (ONU)

Tiébilé Dramé

## III. CHARTE DE LA TRANSITION /

## DINAN'NY TETEZAMITA

# CHARTE DE LA TRANSITION SIGNEE A MAPUTO - MOZAMBIQUE

## PRÉAMBULE

CONSIDERANT que la dégradation de la situation politique actuelle menace l'unité et la solidarité nationales et porte atteinte à la paix et à la sécurité, au développement économique et social, ainsi qu'à la stabilité de Madagascar ;

CONVAINCUES de la nécessité d'une sortie de la crise politique, du rétablissement de la paix sociale, de la garantie de la sécurité des biens et des personnes, de la relance de l'économie et de la remise en marche de l'Administration de manière négociée et consensuelle;

RECONNAISSANT que les crises politiques cycliques qui ont affligé Madagascar depuis 1972 ont nui au développement du pays et qu'il importe d'établir de manière durable les bases d'une république démocratique stable, unie dans sa diversité et respectueuse des droits de l'Homme et des libertés fondamentales ;

ENGAGEES pour l'épanouissement de tous les citoyens malgaches par l'adoption d'une nouvelle Constitution en vue d'instaurer la IVème République de Madagascar ;

REAFFIRMANT la volonté des dirigeants politiques de restaurer le respect des valeurs socioculturelles du Peuple Malagasy, notamment le « *fihavanana* » ;

RESOLUES à mettre en œuvre le processus de réconciliation nationale pour soulager les blessures individuelles et collectives laissées par l'Histoire ;

S'ENGAGEANT au respect des principes de la séparation et de l'équilibre des pouvoirs, exercés à travers des procédures démocratiques et dans le respect de l'état de droit ;

Les parties suivantes :

- la mouvance Andry RAJOELINA;
- la mouvance Marc RAVALOMANANA;
- la mouvance Didier RATSIRAKA; et
- la mouvance Albert ZAFY;

Sous les auspices de :

- l'Union Africaine (UA) ;
- la Communauté pour le Développement de l'Afrique Australe (SADC)
- l'Organisation des Nations Unies (ONU) ; et de
- l'Organisation Internationale de la Francophonie (OIF) ;

**DINAN'NY TETEZAMITA**

*SAVARAVINA*

SATRIA MIHEVITRA fa ny fihasimban'ny toedraharaha politika ankehitriny dia mandindon-doza ny fiombonana sy ny firaisan-kinan'ny firenena ary manohina ny fahatoniana sy ny fandriampahalemana, ny fandrosoan'ny fihariana sy ny fiaraha-monina, ary koa ny fahamarinan-toeran’i Madagasikara;

RESY LAHATRA fa tsy maintsy atao ny miala amin'ny fifanenjanan-dratsy ara-politika, ny mamerina amin’ny laoniny ny fahatonian'ny mpiray monina, ny fiantohana ny fitandroana ny aina amam-pananan'ny olona, ny manainga indray ny fihariana ary ny mampandeha indray ny Fitantanan-draharaha amin'ny alàlan'ny fifampiraharahana sy ny marimaritra iraisana;

MANAIKY fa nanimba ny fandrosoan'ny ito tany ireo fifanenjanan-dratsy ara-politika politika mitamberimberina hatramin'ny 1972 ary mila omen-danja ny manorina amin'ny hampateza azy, ireo fototra repoblika marin-toerana andalàna ny demokrasia, miray anivon'ny fahasamihafana ary manaja ny zon'Olombelona sy ireo falalahana fototra;

MIJORO MANOME TOKY ny hivelaran'ny olom-pirenena malagasy rehetra miainga amin'ny fandaniana Lalàmpanorenana vaovao ho entina manangana ny Repoblika faha-4'i Madagasikara;

MANANTITRA ny finiavan'ireo mpitarika politika hampody amin'ny laoniny ny fanajana ny soatoavina koloin'ny fiarahamonin'ny Vahoaka Malagasy, isan'izany ny fihavanana;

TAPAKA HEVITRA fa hanatanteraka ny fampizorana ny famitranam-pihavanam-pirenena hanamaivanana ny ratra navelan'ny Tantara tamin'ny isam-batan'olona sy ny vondron'olona;

MIJORO MANOME TOKY ny amin'ny fanajana ireo fotokevitry ny fampisarahana sy fampifandanjam-pahefana izay ampiharina anatin'ny paika manaraka ny demokrasia sy ny fitandroana ny fanjakana tàn-dalàna;

Ny ankolafy manaraka ireto:

- ny ankolafy RAJOELINA Andry;

- ny ankolafy RAVALOMANANA Marc;

- ny ankolafy RATSIRAKA Didier; ary

- ny ankolafy ZAFY Albert;

Eo ambany fiahian'ny:

- Firaisambe Afrikana (UA);

- Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC);

- Firenena Mikambana (ONU); ary

- ny Fikambanan'ny tany miteny frantsay;

Au nom du Peuple Malagasy,

CONVIENNENT:

***Titre I - Des principes de la transition***

**Article 1**

Les mouvances politiques s'engagent à œuvrer  pour une transition neutre, inclusive, pacifique et consensuelle, en vue de l'organisation d'élections régulières, justes, transparentes, équitables et crédibles, et de la mise en place d'institutions démocratiques et stables.

**Article 2**

Les missions de la transition sont définies comme suit :

- assurer la continuité de l'État et le respect de ses engagements nationaux et internationaux ;

- rétablir l'ordre et la sécurité ;

- initier le processus « vérité et réconciliation » ;

- concevoir et mettre en place des structures étatiques répondant authentiquement aux aspirations des diverses composantes du Peuple Malgache et garantissant le partage équitable des richesses et du développement économique, social, culturel et humain dans le respect de sa diversité et de son unité ;

- organiser les élections et consultations populaires (référendum sur la constitution et élections présidentielles et législatives) devant instaurer un nouvel ordre constitutionnel et mettre en place les institutions républicaines et démocratiques.

***Titre II - Des institutions et organes de la transition***

**Article 3**

Dès la signature de la présente Charte, il est établi les institutions qui vont gérer l'Etat durant la période de la transition. Celle-ci ne pourra pas excéder quinze mois à compter de la date de signature de la présente Charte. Les institutions de la transition sont dissoutes au fur et à mesure que les institutions prévues par la nouvelle constitution sont mises en place.

Les institutions et organes de la transition sont garants du fonctionnement régulier de l'Etat. Ils sont composés de :

3.1. Un organe exécutif comprenant :

- Le Président de la Transition, qui exerce les fonctions de Chef de l'Etat ;

- Le Vice-président de la Transition ;

Amin'ny anaran'ny Vahoaka Malagasy,

DIA MIFANARAKA:

## ***Lohateny I – Ny amin'ny hevitra fototry ny tetezamita***

Andininy 1

Mijoro manome toky ireo ankolafy politika fa hiasa ho amina tetezamita tsy mitanila, hiaraha-manana, tsy misy fifanandrinana ary mandala ny marimaritra iraisana, mba hitsinjovana ny fikarakarana fifidianana manara-penitra, marina, mangarahara, ara-drariny ary azo itokiana, sy ny fananganana andrim-panjakana mandala ny demokrasia sy marin-toerana.

Andininy 2

Faritana araka izao manaraka izao ny andraikitra ankinina amin'ny tetezamita:

- miantoka ny fitohizan'ny Fanjakana sy ny fanajan'ny Fanjakana ny fanekena nataony teto amin'ny sehatry ny firenena sy teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena;

- mamerina amin'ny laoniny ny filaminana sy ny fiantohana toky ny fandriampahalemana;

- manainga ny fampizorana ny "Fahamarinana sy famitranam-pihavanana";

- mamolavola sy manangana rafi-pandaminam-panjakana izay mamaly marina ny fanirin'ireo lafy samihafan'ny Vahoaka Malagasy ary miantoka ny fitsinjarana ara-drariny ny harena sy ny fandrosoana amin'ny fihariana, fiarahamonina, kolontsaina sy ny mahaolona anatin'ny fandalàna ny fahasamihafana sy ny fiombonany;

- mandamina ny fifidianana sy ny fakana ny hevitry ny vahoaka (fitsapankevibahoaka momba ny lalàmpanorenana ary koa fifidianana Filoham-pirenena sy mpanao lalàna) izay kendrena hitondra lamina vaovao araka ny lalàmpanorenana ary hampitsangana ireo andrim-panjakana andalàna ny repoblika sy ny demokrasia.

## ***Lohateny II – Ny amin'ireo andrim-panjakana sy rantsa-mangaikan' ny tetezamita***

Andininy 3

Raha vao vita sonia ity Dina ity dia hatsangana ireo andry izay hitondra ny Fanjakana mandritra ny fotoana teteza-mita. Tsy afaka haharitra mihoatra ny dimiambinifolo volana isaina manomboka amin'ny vaninandro  anaovana sonia izao Dina izao io teteza-mita io. Foana arakaraka ny mahatafajoro ny andrim-panjakana ambaran'ny lalàmpanorenana vaovao ny andrim-pitondran'ny teteza-mita.

Miantoka ny fizotra ara-penitry ny Fanjakana ny andry sy ny rantsa-mangaikan’ny teteza-mita.

Ireto avy izy ireo:

3.1. Rafitra mpanatanteraka iray hahitana :

- Ny Filohan'ny Tetezamita, izay manao ny asana Filoham-Panjakana;

- Ny Filoha lefitry ny Tetezamita;

- Le Gouvernement d'Union Nationale de la Transition, dirigé par un Premier Ministre, Chef du Gouvernement, et trois Vice-Premiers Ministres en charge de portefeuilles ministériels et comprenant toutes les sensibilités politiques de Madagascar ;

3.2. Un organe législatif bicaméral comprenant :

- Le Conseil Supérieur de la Transition (GST) ;

- Le Congrès de la Transition (CT) ;

3.3. Un organe chargé de la réconciliation nationale : le Conseil National de Réconciliation (CNR) ;

3.4. Deux organes consultatifs:

- Le Conseil Economique et Social (CES);

- Le Comité de Réflexion sur la Défense et la Sécurité Nationales (CRDSN);

3.5. Un organe juridictionnel : la Haute Cour de la Transition (HCT) ;

3.6. Un organe pour l'organisation et la supervision des élections : la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI).

Les institutions suivantes sont remplacées par les organes de la Transition conformément à la présente Charte:

- La Présidence de la République ;

- L'Assemblée Nationale ;

- Le Sénat ;

- La Haute Cour Constitutionnelle.

*A. Du Président de la Transition*

**Article 4**

**Le Président de la Transition** :

• Est le symbole de l'indépendance nationale et de l'intégrité territoriale ;

• Veille à l'unité et à la solidarité nationale ainsi qu'à la stricte application de la présente Charte ;

• Veille au fonctionnement régulier des institutions provisoires de la République. Il assume la continuité de l'Etat ainsi que le respect des engagements internationaux conclus par la République de Madagascar ;

• Préside le Conseil des Ministres ;

- Ny Governemantam-piraisam-pirenen'ny Tetezamita, tarihana Praiminisitra filohan'ny Governemanta, sy Praiminisitra lefitra telo ampiahiana minisitera maromaro ary mahafoaka ny firehana politika rehetran'i Madagasikara;

3.2. Rafitra mpanao lalàna iray miefi-droa ahitana:
- ny Filankevitra Anambon'ny Tetezamita (FKAT);
- ny Kongresin'ny Tetezamita (KT);

3.3. Rafitra iray ampandraiketina ny famitranam-pihavanam-pirenena: Ny Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana (FPFP);

3.4. Rafitra roa fakana hevitra:
- - Ny Filankevitra momba ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina (FFTP)
- - Ny Komity mandalina ny momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Fandriampahalemana eto amin'ny Firenena (KMFFF)

3.5. Rafitra iray amin'ny ara-pitsarana: Ny Fitsarana avon'ny Tetezamita (FAT)

3.6. Rafitra iray ho amin'ny fikarakarana sy ny fanarahana ny fandraharahana fifidianana: Ny Vaomieram-pirenena tsy miankina momba ny fifidianana (VTMF)

Ireto andrim-panjakana manaraka ireto dia voasolon'ny rafitry ny Tetezamita araka izay faritan'ity Dina ity:

- - Ny Fiadidiana ny Repoblika;
- - Ny Antenimieram-pirenena;
- - Ny Antenimieran-doholona;
- - Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana

*A. Ny amin'ny Filohan'ny Tetezamita*

Andininy 4

Ny Filohan'ny Tetezamita dia:

- Mariky ny fahaleovantenan'ny Firenena sy ny maha iray tsy anombinana ny taniny;
- Mitandro ny firaisana sy ny firaisankinan'ny firenena ary koa ny fampiharana tsy misy tomika izao Dina izao;
- Mitandro ny fiasa manara-penitry ny andry vonjimaikan'ny Repoblika. Iantohany ny fitohizan'ny Fanjakana ary toy izany koa ny fanajana ny fanekena noraiketin'ny Repoblikan'i Madagasikara teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena;
- Mitarika ny Filankevitry ny Minisitra;

• Nomme le Premier Ministre, Chef du Gouvernement d'Union Nationale de la Transition, dans les conditions fixées à l'Article 10 de la présente Charte et le révoque après concertation avec la mouvance concernée ;

• Nomme et révoque, sur proposition du Premier Ministre, les membres du Gouvernement ;

• Nomme, sur proposition du Premier Ministre, le Gouverneur de la Banque Centrale de Madagascar ;

• Nomme aux hauts emplois civils et militaires, ainsi qu'à ceux des organismes relevant de l'Etat en Conseil des Ministres ;

• Contrôle la mise en œuvre de la politique générale de l'Etat durant la Transition et les activités des différentes structures de l'Etat. A ce titre, il peut saisir les organes de contrôle et d'inspection des différents services de l'Etat ;

• Est le Chef Suprême des Armées. A ce titre, il nomme les principaux responsables de l'Armée, de la Gendarmerie et de la Police Nationale. Il a sous son autorité l'Inspection Générale de l'Etat, l'Inspection Générale de l'Armée, l'Inspection Générale de la Gendarmerie et l'Inspection Générale de la Police ;

• Est garant de l'indépendance de la justice et exerce le droit de grâce en Conseil Supérieur de la Magistrature ;

• Proclame l'état d'urgence, état de nécessité nationale ou la loi martiale lorsque les circonstances l'exigent pour la défense de la République, de l'ordre public et de la sécurité de l'Etat, selon les conditions et les modalités prévues par la loi ;

• Adopte les ordonnances et décrets délibérés en Conseil des Ministres ;

• Promulgue les lois et ordonnances ;

• Accrédite et rappelle les ambassadeurs et les envoyés extraordinaires de la République de Madagascar auprès des autres Etats et des organisations internationales, il reçoit les lettres de créance et de rappel des représentants des Etats et des organisations internationales reconnues par la République de Madagascar ;

• Préside les cérémonies officielles ; et

• Confère les décorations de l'Etat.

**Article 5**

En cas de vacance de la Présidence de la Transition, le Vice-président assure l'intérim jusqu'à la nomination d'un nouveau Président issu de la même mouvance.

- Manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemantam-piraisam-pirenen'ny Tetezamita, araka ny fepetra faritan'ny Andininy faha-10 amin'ity Dina ity ary manala azy rehefa nifampiera tamin'ny ankolafy voakasik'izany;

- Manendry sy manala, araka ny tolokevitry ny Praiminisitra, ny Minisitra, mpikambana ao amin'ny Governemanta;

- Manendry, araka ny tolokevitry ny Praiminisitra, ny Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara:

- Manendry eo amin'ny Filankevitry ny Minisitra izay ho amin'ny fitanana andraikitra ambony sivily sy miaramila, ary toy izany koa ny ho amin'ireo rafitra raikitra amin'ny Fanjakana;

- Manara-maso ny fampiharana ny politika ankapoben'ny Fanjakana mandritra ny Tetezamita sy ny asan'ireo rantsa-managaika samihafan'ny Fanjakana. Amin'izay andraikiny izay izy dia afaka manaika ireo rafitra mpanara-maso sy mpisafo an'ireo sampan-draharaham-panjakana samihafa.

- Filoha faratampon'ny Foloalindahy. Amin'izay andraikiny izay izy dia manendry ireo tompon'andraikitra voalohan'ny Tafika, ny Zandarimaria sy ny Polisim-pirenena. Eo ambany fahefany ny Fisafoana Ankapoben'ny Fanjakana, ny Fisafoana Ankapoben'ny Tafika, ny Fisafoana Ankapoben'ny Zandarimaria ary ny Fisafoana Ankapoben'ny Polisy;

- Mpiantoka ny fahaleovantenan'ny fitsarana ary manao famelankeloka eo ampivorian'ny Filankevitra Ambony momba 'ny Mpitsara;

- Manambara ampahibemaso, araka ny fepetra sy ny fombafomba voafaritry ny lalàna, ny fotoam-pahamaizana, ny fahalatsahan'ny firenena an-katerena na ny fampiharana lalà-miaramila mba hiarovana ny Repoblika, ny filaminam-bahoaka ary ny fampandriana fahalemana ny fanjakana rehefa mitaky an'izany ny toe-draharaha;

- Mandray ny hitsivolana sy didimpanjakana tinapaky ny Filankevitry ny Minisitra;

- Mamoaka hampanan-kery ny lalàna sy ny didy hitsivolana;

- Manendry sy mampody ny masoivoho sy iraka misolotena manokana ny Repoblikan'i Madagasikara any amin'ny Fanjakana hafa sy ny fikambanana iraisam-pirenena, mandray ny taratasy fanendrena sy fampodiana ny solontenan'ny Fanjakana sy fikambanana iraisam-pirenena izay ankatoavan'ny Repoblikan'i Madagasikara;

- Mitarika ny lanonam-panjakana; ary

- Manolotra ny mariboninahitry ny Firenena.

Andininy 5
Raha misy fahabangan'ny Fiadidiana ny Tetezamita dia misolo azy vonjimaika ny filoha lefitra mandra-panendry Filoha vaovao avy amin'ny ankolafy niavian'ny teo ihany.

*B. Du Gouvernement d'Union Nationale de la Transition*

**Article 6**

Le Gouvernement d'Union Nationale de la Transition est composé **d'un Premier Ministre** de consensus, de **trois Vice-Premiers Ministres** représentant les mouvances politiques et de **28 Ministres** issus des différentes sensibilités politiques de Madagascar.

**Article 7**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement d'Union Nationale de la Transition :

• Préside le Conseil de Gouvernement ;

• Définit et conduit la politique générale de l'Etat. Il en présente régulièrement les grandes orientations au Président de la Transition ;

• Sans préjudice des compétences dévolues au Président de la Transition, telles que définies à l'Article 4 ci-dessus, il nomme en Conseil de Gouvernement aux emplois civils et militaires de l'Etat. Il exerce le pouvoir réglementaire. Il assure dans ce cadre l'exécution des lois et des ordonnances ;

• Dirige l'action du Gouvernement et est responsable de la coordination des activités des différents départements ministériels ;

• Arrête les projets de loi et d'ordonnance soumis à la délibération du Conseil des Ministres. Les projets de loi sont déposés sur le Bureau du Congrès de la Transition ;

• Est le chef de l'Administration ;

• Nomme aux hauts emplois civils et militaires, ainsi qu'à ceux des organismes relevant de l'Etat en Conseil de Gouvernement, après l'aval du Président de la Transition, à l'exception de ceux prévus par l'Article 4 de la présente Charte ;

• Peut déléguer certains de ses pouvoirs aux membres du Gouvernement avec faculté de subdélégation, notamment aux Vice-Premiers Ministres ;

• Veille à l'exécution des décisions de justice ;

• Dispose des organes de contrôle de l'État, sans préjudice des dispositions de l'Article 4 ci-dessus ;

• Est garant du maintien de l'ordre et de la sécurité publics, dans le respect des libertés fondamentales et des droits de l'Homme. A cet effet, il est le chef de toutes les forces de l'ordre et de sécurité ;

• Négocie les traités et conventions internationaux conformément aux principes arrêtés en Conseil des Ministres ;

• Convoque les électeurs pour le référendum en vue de l'adoption de la nouvelle constitution ainsi que pour les élections présidentielles et législatives.

*B. Ny amin'ny Governemantam-piraisam-pirenen'ny Tetezamita*

Andininy 6

Ny Governemantam-piraisam-pirenen'ny Tetezamita dia ahitana Praiminisitra ifanarahana amin'ny marimaritra iraisana, Praiminisitra lefitra telo misolotena ny ankolafy politika ary Minisitra 28 avy amin'ny firehana politika samihafan'i Madagasikara.

Andininy 7

Ny Praiminisitra, lehiben'ny Governemantam-piraisam-pirenen'ny Tetezamita dia:

- Mitarika ny Filankevitry ny Governemanta;
- Mamaritra sy mitondra ny politika ankapoben'ny Fanjakana. Ampahafantariny tsy tapaka ny Filohan'ny Tetezamita ny sori-dàlana lehibe amin'izany;
- Manendry, eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta, izay ho amin'ny fitanana andraiki-panjakana ambony sivily sy miaramila, nefa tsy manafoana ny anjara andraikitry ny Filohan'ny Tetezamita manokana araka izay voafaritry ny Andininy faha-4 etsy ambony izany. Manana ny fahefana hanao didy izy. Miantoka ny fampiharana ny lalàna sy ny hitsivolana izy ao anatin'izay famaritana izay;
- Mitarika ny asan'ny Governemanta ary tompon'andraikitry ny fandrindrana ny asan'ireo minisitera isan-tokony;
- Manapaka ny volavolan-dalàna aman-didy hitsivolana nomena hotapahan'ny Filankevitry ny Minisitra. Apetraka eo anatrehan'ny Biraon'ny Kongresin'ny Tetezamita ny volavolan-dalàna;
- Lehiben'ny Fitondran-draharaham-panjakana;
- Manendry, eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta, izay ho amin'ny fitanana andraikitra ambony sivily sy miaramila ary toy izany koa ny ho amin'ireo rafitra eo ambany fiahian'ny Fanjakana, rehefa nahazo faneken'ny Filohan'ny Tetezamita, hafa tsy amin'ireo efa voalazain'ny Andininy faha-4 amin'ity Dina ity;
- Afaka mamindra ny sasany amin'ny fahefany amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, isan'izany ny fahafahany mamindra fahefana amin'ireo Praiminisitra lefitra;
- Miahy ny hahatanteraka ny didim-pitsarana;
- Afaka mampiasa ny rafitra fanaraha-mason'ny Fanjakana, fa tsy manafoana izay voafaritry ny Andininy faha-4 etsy ambony;
- Miantoka ny fitandroana ny filaminana sy ny fandriampahaleman'ny vahoaka, anatin'ny fanajana ny falalahana fototra sy ny zon'Olombelona. Ho fitsinjovana an'izany dia izy no lehiben'ny hery rehetra mpitandro ny filaminana sy fandriampahalemana.
- Mifampiraharaha ny amin'ny fifanekena sy fifanarahana iraisam-pirenena araka ny hevitra fototra tapaky ny Filankevitry ny Minisitra;
- Manaika ny mpifidy amin'ny fitsapankevibahoaka handaniana ny lalàmpanorenana vaovao ary koa amin'ny fifidianana Prezidà sy mpanao lalàna.

Les compétences autres que celles expressément dévolues à la Présidence de la Transition, au Conseil Supérieur de la Transition et au Congrès de la Transition relèvent du Premier Ministre, Chef du Gouvernement.

**Article 8**

Toutes les mesures tendant à assurer la continuité des services publics au niveau de l'Etat et des collectivités locales sont arrêtées en Conseil de Gouvernement.

C. *De l'organe législatif*

**Article 9**

Le Conseil Supérieur de la Transition, Chambre haute de l'organe législatif, **comporte 65 membres.**

Il élit les membres du Bureau Permanent et les Présidents de Commissions.

**Article 10**

Le Conseil Supérieur de la Transition décide de son organisation, de son fonctionnement et de son règlement intérieur. De manière générale, les décisions sont adoptées par consensus.

**Article 11**

En cas de vacance de la Présidence du CST, les fonctions du Président sont exercées par l'un des Vice-présidents jusqu'à la désignation du nouveau Président du CST conformément à l'Article 14.

**Article 12**

Le Congrès de la Transition est la Chambre basse de l'organe législatif de la transition**. Il est composé de 258 membres.**

Les membres sont nommés par décret du Président de la Transition.

Le Congrès de la Transition élit parmi ses membres ses Vice-présidents, dont **le nombre est fixé à six au maximum.**

Le Bureau Permanent du Congrès de la Transition est formé par te Président et les Vice-présidents.

Il est assisté par un Secrétariat Général.

Les modalités d'organisation et de fonctionnement du Congrès de la Transition seront déterminées par un règlement intérieur adopté par ses membres.

**Article 13**

La fonction législative, contre-pouvoir de l'Exécutif, est exercée conjointement par les deux chambres. L'initiative des lois est partagée entre le Gouvernement, le Conseil Supérieur de la Transition et le Congrès de la Transition.

Les deux chambres :

• Votent les lois organiques, la loi de finances et les lois ordinaires ;

• Ratifient les ordonnances. Celles-ci acquièrent force législative dès la publication de la loi de ratification au Journal Officiel.

• Autorisent la ratification des conventions et des traités internationaux ;

Ny fahefana hafa, ankoatr’izay voafaritra manokana ho an’ny Fiadidiana ny Tetezamita sy ny ny Filankevitra anambon'ny Tetezamita ary ny Kongresin'ny Tetezamita dia sahanin'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

Andininy 8
Ny fepetra rehetra enti-miantoka ny fitohizan'ny raharaham-bahoaka eo amin'ny ambaratonga tandrify ny Fanjakana sy ny vondrombahoaka eny an-toerany dia tapahana amin'ny Filankevitry ny Governemanta.

D. *Ny amin'ny rafitra mpanao lalàna*

Andininy 9
Ny Filankevitra anambon'ny Tetezamita, Antenimiera anambon'ny rafitra mpanao lalàna dia **misy mpikambana 65.**

Mifidy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ny filohan’ireo Vaomiera izy.

Andininy 10
Ny Filankevitra anambon'ny Tetezamita dia manapaka ny amin'ny fandaminany, ny fomba iasany sy ny fitsipika an-tokantranony. Amin'ny ankapobeny dia amin'ny alalan’ny marimaritra iraisana no hanapahan-kevitra.

Andininy 11
Raha misy fahabangan'ny toeran'ny Filohan'ny FKAT dia ny iray amin'ireo Filoha-lefitra no manao ny asany, araka ny lazain'ny Andinin'ny faha-14,mandra-panendry ny Filohan'ny FKAT vaovao.

Andininy 12
Ny Kongresin'ny Tetezamita no Antenimiera tsotran'ny rafitra mpanao lalànan'ny tetezamita. **Misy mpikambana 258 ao aminy**.

Didim-panjakana ataon’ny Filohan'ny Tetezamita no hanendrena ny mpikambana ao aminy.

Mifidy avy amin'ny mpikambana ao aminy ny Filoha lefiny izay ferana tsy hihoatra ny enina ny Kongresin'ny Tetezamita.

Ny Filoha sy ny Filoha-lefitra no Birao Maharitry ny Kongresin'ny Tetezamita.

Otronina Fandraharahana Ankapobe iray izy amin'ny asany.

Hofaritan'ny fitsipika anatiny izay holanian'ny mpikambana ao aminy ny fombafombam-pandaminana sy fiasan'ny Kongresin'ny Tetezamita.

Andininy 13
Ny fanaovan-dalàna izay setrin'ny fahefana Mpanatanteraka, dia iombonan'ny antenimiera roa ary iarahany mampihatra. Iarahan’ny Governemanta sy ny Filankevitra Anambon'ny Tetezamita ary ny Kongresin'ny Tetezamita manana ny fahefana manao tolo-dalàna. Ny antenimiera roatonta no:

- Mandany ny lalàna fehizoro, ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ary ny lalàna tsotra;
- Manao ny fankatoavana ny didy hitsivolana. Lalàna manan-kery izany raha vao mivoaka ho an'ny besinimaro amin'ny Gazetim-panjakana ny lalàna fankatoavana azy.
- Manome alàlana hankatoavana ny fifanarahana sy ny fifanekena iraisam-pirenena.

• Supervisent et contrôlent l'action gouvernementale.

En cas de désaccord entre les deux chambres, le projet ou la proposition de loi est définitivement adoptée en réunion conjointe des deux chambres.

**Article 14**

Les Présidents des deux chambres donnent leur avis au Président de la Transition avant toute proclamation de l'état d'urgence, de l'état de nécessité nationale ou de la loi martiale lorsque les circonstances l'exigent pour la défense de la République, de l'ordre publique et de la sécurité de l'Etat.

**Article 15**

L'initiative des lois appartient concurremment au Premier Ministre et aux membres du Congrès de la Transition.

**Article 16**

Le Président du Congrès de la Transition et ses membres sont autorisés à saisir les organes de contrôle et d'inspection des différents services de l'État.

*D. Du Conseil National de Réconciliation (CNR)*

**Article 17**

Le CNR est chargé de la conception et de la mise œuvre du processus de réconciliation nationale sur la base du concept « vérité et réconciliation », de l'organisation des conférences régionales et de la conférence nationale ainsi que de la révision et, le cas échéant, de l'élaboration des textes législatifs et réglementaires fondamentaux relatifs à la refondation de la République.

Le CNR est composé de **9 membres** dont un Président désigné par les signataires de la présente Charte. Les huit membres restant sont désignés à raison de deux par mouvance politique.

**Article 18**

A cette fin, il est procédé à la création d'une Commission « Vérité et Réconciliation », d'une Commission Nationale chargée de la relecture de la Constitution et d'un Comité d'organisation des conférences régionales et de la conférence nationale.

La Commission « Vérité et Réconciliation » passera en revue tous les événements ayant marqué la vie politique, économique et sociale de Madagascar.

Elle étudiera toutes les questions liées aux réparations, compensations et éventuelles reconstitutions des carrières sur la période considérée.

Les modalités d'organisation et de fonctionnement du CNR seront déterminées par le règlement intérieur adopté par ses membres.

- Manaraka sy manao fisafoana sy manara-maso ny fiasan'ny Governemanta.

Raha misy tsififanarahan-kevitry ny antenimiera roatonta dia laniana tsy iverenana intsony eo am-pivorian'izy roa miaraka ny tolo-dalàna na ny volavolan-dalàna.

Andininy 14

Manome ny heviny amin'ny Filohan'ny Tetezamita ny Filohan'ny Antenimiera roatonta mialohan'izay rehetra mety ho fanambarana ampahibemaso ny fotoam-pahamaizana, ny fahalatsahan'ny firenena an-katerena na ny fampiharana lalà-miaramila rehefa mitaky an'izany ny toe-draharaha mba hiarovana ny Repoblika, ny filaminam-bahoaka ary ny fampandriana fahalemana ny Fanjakana;

Adininy 15

Samy afaka manao tolo-dalàna na ny Praiminisitra na ny mpikambana amin'ny Kongresin'ny Tetezamita.

Adininy 16

Mahazo manaika ny rafitra mpanao fanarahamaso sy fisafoan'ireo sampan-draharaha isan-karazan'ny Fanjakana ny Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny Kongresin'ny Tetezamita.

*E Ny Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana (FPFP)*

Andininy 17

Ny FPFP dia ampandraiketina ny famolavolana sy ny fanatontosana ny fampizorana ny famitranam-pihavanam-pirenena miainga avy amin’ny hevitra fototry ny "fahamarinana sy famitranam-pihavanana", ny fikarakarana ny fihaonambem-paritra sy ny fihaonambem-pirenena ary koa ny fiverenana mandinika indray, ary raha ilaina izany, ny famolavolana ny rijan-tenin-dalàna fototra sy ny didy mahakasika ny fanorenana indray ny Repoblika.

Misy mpikambana 9 ny FPFP ka anisan'izany ny Filoha voatendrin'ireo mpanao sonia ity Dina ity. Ny mpikambana valo sisa dia tendrena ka roa isaky ny ankolafy politika.

Adininy 18

Ho amin'izany dia amoronana Vaomiera iray "Fahamarinana sy Famitranam-pihavanana", Vaomieram-pirenena iray ampandraiketina ny famerenana mandinika ny Lalàmpanorenana ary Komity mpikarakara ny fihaonambem-paritra sy ny fihaonambem-pirenena.

Hanao jeritodika ny zava-niseho rehetra nanamarika ny fiainana politika, ara-pihariana sy ara-piarahamonin'i Madagasikara ny Vaomiera "Fahamarinana sy Famitranam-pihavanana".

Hodinihany ny lafiny rehetra mahakasika ny fanarenana, fanonerana sy izay mety ho famerenana fitohizan'asa amin'ny laoniny mandritra ny fotoana novaritana.

Ny fomba fandaminana sy fomba fiasan'ny FPFP dia hofaritan'ny fitsipika anatiny holanian'ny mpikambana ao aminy.

*E. Du Conseil Economique et Social (CES)*
**Article 19**

Le Conseil Economique et Social est un organe consultatif composé de **72 membres**.
**Article 20**

Les membres du CES proposés par la société civile et les mouvances sont nommés par décret du Président de la Transition.

Le CES est dirigé par un Bureau Permanent composé d'un Président et d'un Vice-président assistés d'un Secrétariat Général. Toute autre organisation du CES relève du règlement intérieur élaboré par ses membres.
**Article 21**

Le Conseil Economique et Social est chargé de faire des recommandations au Gouvernement sur la politique économique et sociale et de favoriser l'instauration d'un équilibre régional équitable.

Il est obligatoirement consulté sur le projet de loi des finances.

*F. Du Comité de Réflexion sur la Défense et la Sécurité Nationales (CRDSN)*
**Article 22**

II est créé un organe consultatif sur les questions de défense et de sécurité, le Comité de Réflexion sur la Défense et la Sécurité Nationales (CRDSN). Le CRDSN est chargé de mener une réflexion sur les questions de défense et de sécurité nationales, en particulier les voies et moyens de renforcer la cohésion et la discipline au sein des forces armées et de sécurité afin de construire une armée républicaine au service de la Nation.

Il est composé de **8 membres** désignés par les mouvances politiques (2 représentants par mouvance).

G. *De la Haute Cour la Transition (HCT)*
**Article 23**

La Haute Cour de la Transition veille au respect des dispositions de la présente Charte. Elle statue sur le contentieux des opérations référendaires et des élections présidentielles et législatives et de tout autre scrutin à caractère national. Elle règle les conflits de compétences entre deux ou plusieurs institutions de l'État ou entre l'État et une ou plusieurs collectivités locales. Elle veille au respect des droits de l'Homme et des libertés fondamentales ainsi qu'à l'application des engagements internationaux liant la République de Madagascar.

La HCT est composée de 11 membres ayant une expérience juridique confirmée et désignés selon la clé de répartition suivante:

- Un membre désigné par le Président de la Transition;

- Un membre désigné par le Conseil Supérieur de la Transition ;

- Un membre désigné par le Congrès de la Transition ;

*F. Ny amin'ny Filankevitra momba ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina (FFTP)*

<u>Andininy 19</u>
Ny Filankevitra momba ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina (FFTP) dia rafitra filana hevitra misy **mpikambana 72**.

<u>Adininy 20</u>
Ny mpikambana ao amin'ny FFTP atolotry ny fiarahamonim-pirenena sy ny ankolafy dia tendren'ny Filohan'ny Tetezamita amin'ny didim-panjakana.

Tarihana Birao Maharitra hahitana Filoha iray ary Filoha lefitra iray, otronina Fandraharahana Ankapobe amin'ny asany ny FFTP. Izay rehetra fandaminana hafan'ny FFTP dia ao amin'ny fitsipika anaty volavolain'ny mpikambana ao aminy.

<u>Andininy 21</u>
Ny Filankevitra momba ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina dia omena andraikitra hanolo-kevitra ny Governemanta mikasika ny politika amin'ny fihariana sy ny toe-piainan'ny mponina ary izay hampahazo vahana ny fanorenana fampifandanjana ny faritra samihafa ara-drariny.

Tsy maintsy alaina ny heviny mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana.

*G. Ny amin'ny Komity mandalina momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Fandriampahalemana eto amin'ny Firenena (KMFFF)*

<u>Andininy 22</u>
Atsangana ny rafitra iray filana hevitra mikasika ny fiarovana sy ny fandriampahalemana izay antsoina hoe Komity mandalina momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Fandriampahalemana eto amin'ny Firenena (KMFFF). Ny KMFFF dia omena andraikitra handinika ny momba izay mahakasika ny fiarovana sy ny fandriampahaleman'ny firenena, singanina amin'izany ny fomba sy ny hoenti-manao hanamafisana ny maha-iray ny foloalindahy sy ny mpitandro-filaminana ary ny fifampifehezana eo anivon'izy ireo mba hanorenana tafika manoa ny repoblika manompo firenena.

**Mpikambana 8** tendren'ny ankolafy politika no ao aminy (solontena 2 isaka ankolafy).

*H. Ny amin'ny Fitsarana avon'ny Tetezamita (FAT)*

<u>Andininy 23</u>
Ny Fitsarana avon'ny Tetezamita no miambina ny fanajana ny voalazan'ity Dina ity. Izy no manapaka ny amin'ny fifanolanana momba ny fikarakarana fitsapankevibahoaka sy fifidianana Filohan'ny Repoblika sy fifidianana mpanao lalàna ary izay latsabato manana toetra mahasahana ny firenena. Vahany ny fifanitsaham-pahefana eo amina andrim-Panjakana roa na maro na koa eo amin'ny Fanjakana sy vondrombahoaka iray na maro. Ambenany ny fanajana ny zon'Olombelona sy ny falalahana fototra ary toy izany koa ny fampiharana ny fanekena iraisam-pirenena mamatotra ny Repoblikan'i Madagasikara.

Mpikambana 11 manana traikefa hita fototra momba ny didy aman-dalàna ary manaraka an'izao fitsinjarana izao ny fanendrena azy avy:

- Mpikambana iray tendren'ny Filohan'ny Tetezamita;
- Mpikambana iray tendren'ny Filankevitra Anambon'ny Tetezamita;
- Mpikambana iray tendren'ny Kongresin'ny Tetezamita.

- Un membre désigné par le Conseil National de Réconciliation ;

- Trois membres désignés par le Conseil Supérieur de la Magistrature ; et

- Quatre membres désignés par les mouvances politiques (un représentant par mouvance).

Le Président de la Haute Cour de la Transition est élu par ses pairs.

La Haute Cour de la Transition statue sur la conformité des lois et des ordonnances aux dispositions de la présente Charte. Elle s'assure également de la compatibilité de ces actes ainsi que de ceux édictés par les organes compétents des autorités décentralisées avec les traités ou accords internationaux en vigueur, notamment ceux assurant la garantie des droits de l'Homme et des libertés fondamentales.

A cette fin, la Haute Cour de la Transition peut être saisie par le Président de la Transition, le Premier Ministre ou un tiers des membres du Congrès de Transition ou du Conseil Supérieur de la Transition.

*H. De la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI)*

**Article 24**

II est créé une Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI). La CENI est chargée d'organiser et de superviser toutes les opérations électorales. Elle est également chargée des activités de sensibilisation et d'éducation citoyennes liées aux élections. Elle est composée de personnalités expérimentées, crédibles, compétentes et de grande intégrité. La CENI sera mise en place par la conférence nationale.

***Titre III : Des mesures d'amnistie et d'annulation des poursuites***

**• Des principes généraux gouvernant l'amnistie**

**Article 25**

Dans un but d'apaisement politique et social, et afin de favoriser le processus de réconciliation nationale, le Conseil national de réconciliation soumettra pour adoption au Congrès de la Transition une proposition de loi d'amnistie générale. La loi d'amnistie respecte scrupuleusement les règles, les principes généraux et coutumiers du droit international public ainsi que les traités ou accords internationaux en vigueur gouvernant la répression des crimes de guerre, des crimes de génocide et des crimes contre l’humanité. Dans le respect des mêmes règles et principes, elle ne couvre ni n'exonère les violations graves des droits de l'Homme et des libertés fondamentales protégés par les instruments régionaux et internationaux liant la République de Madagascar. **Elle n'annule pas les crimes et délits constitutifs d'atteintes à la vie, à l'intégrité physique des personnes.**

**Article 26**

La loi d'amnistie s'entend dans le strict respect de la présomption d'innocence. Elle clôt définitivement toute poursuite de quelque nature que ce soit et ce devant toutes les juridictions ou instances. Elle éteint l'action publique. Elle annule toutes

- - Mpikambana iray tendren'ny Filankevi-pirenen'ny Famitranam-pihavanana;
- - Mpikambana telo tendren'ny Filankevitra ambony momba ny Mpitsara;
- - Mpikambana efatra tendren'ny ankolafy politika (solontena iray isaky ny ankolafy).

Ny Filohan'ny Fitsarana Avon'ny Tetezamita dia fidin'ireo mpikambana tahaka azy.

Manapaka ny amin'ny fifanarahan'ny lalàna mbamin'ny didy hitsivolana amin'izay voafaritr'ity Dina ity ny Fitsarana Avon'ny Tetezamita. Zahany fototra tahaka izany koa ny fifanarahan'ireny didy sy lalàna ireny mbamin'ny didy avoakan'ny rafitra mahefan'ny fitondram-paritra amin'ny fifanekena na fifanarahana iraisam-pirenena manan-kery, isan'izany ireo izay ahazoana miantoka ny zon'Olombelona sy ny falalahana fototra.

Ho amin'izany, ny Fitsarana Avon'ny Tetezamita dia azon'ny Filohan'ny Tetezamita, ny Praiminisitra na ny ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny Kongresin'ny Tetezamita na ao amin'ny Filankevitra Anambon'ny Tetezamita ampakaran-draharaha.

I. *Ny amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny fifidianana (VMTF)*)

<u>Andininy 24</u>
Hatsangana ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny fifidianana (VMTF). Ampandraiketina ny fikarakarana sy ny fanarahana ny raharaha rehetra amin'ny fidianana ny VMTF. Ampandraiketina azy tahaka izany koa ny asa famohasaina sy fanabeazana olom-pirenena mifandraika amin'ny fifidianana. Olom-pantatra fa manana traikefa sy azo itokiana ary manana ny fahaizana amin'ny ataony no sady tena mahitsy no mpikambana ao aminy. Ny VMTF dia hatsangan'ny fihaonambem-pirenena.

## <u>*Lohateny III : ny amin'ny fepetra famotsoran-keloka  sy fanafoanana fanenjehana*</u>

- **Ny Foto-kevitra ankapobe mifehy ny famotsoran-keloka**

<u>Andininy 25</u>
Mba hampitony ny eo amin'ny politika sy ny eo amin'ny fiarahamonina , ary mba hanome vahana ny famitranam-pihavanana eto amin'ny firenena, dia hanao tolo-dalàna mikasika ny famotsoran-keloka ankapobe ny Filankevi-pirenen'ny famitranam-pihavanana   ho lanian'ny Kongresin'ny Tetezamita. Ny lalàm-pamotsoran-keloka dia manaja amin'ny antsipiriany  ireo fitsipika, ireo foto-kevitra ankapobeny sy efa raikitra amin'ny ny lalàna iraisam-pirenena, ary toy izany koa ireo fifanekena na fifanarahana iraisam-pirenena manan-kery itondrana ny famaizana ny heloka bevava an'ady, ny heloka bevavan'ny famongoran-taranaka sy ireo heloka bevava manosy ny mahaolona. Anatin'ny fanajany ireo fitsipika sy foto-kevitra  ireo ihany koa dia tsy isan'ny voakasiny na afahany ny fanitsakitsahina bevava   ny Zon'Olombelona sy ny falalahana fototra izay arovan'ny fitsipi-dalàna iraisan'ny vondrom-paritra sy iraisam-pirenena mamatotra ny Repoblikan'i Madagasikara   Tsy foanany ny heloka bevava sy heloka tsotra voafaritra ho faningorana ny aina sy ny vatan-tenan'olombelona.

<u>Andininy 26</u>

Ny lalàmpamotsoran-keloka dia manaja tanteraka   ny fiheverana fa tsy meloka izay mety ho voampanga. Faranany tanteraka eo anatrehan'ny antokom-pitsarana sy ambaratongam-pitsarana rehetra izay mety ho fanasaziana sy famaizana ara-panjakana rehetra na inona na inona karazany. Faranany tsy hisy intsony ny fanarahan'ny fanjakana. Foanany avokoa rehefa

les condamnations et sanctions administratives de quelque nature que ce soit définitivement prononcées ou non.

**• De la préparation et du vote de la loi d'amnistie**
**Article 27**

L'amnistie fait l'objet d'un projet de loi adopté par les mouvances politiques lors des négociations de l'Hôtel Carlton à Antananarivo et annexé à la présente Charte. Il est inscrit en priorité à l'ordre du jour des deux chambres (CST et CT) pour ratification lors de leurs premières sessions.

**• De l'objet et de la portée de la loi d'amnistie**
**Article 28**

Sont couverts par la loi d'amnistie toutes les infractions, manquements et fautes quels que soient leur nature, leur objet ou leur qualification, commis durant l'exercice de leurs fonctions ou de leurs responsabilités par l'ensemble des personnes ayant eu en charge les fonctions de direction ou d'exécution au sein de l'Etat ainsi que celles de responsables politique de l'opposition entre le 1er janvier 2002 et la date de signature de la présente Charte.

Sont nulles et de nul effet toutes poursuites, décisions, condamnations judiciaires ou administratives ayant été faites sur la base des infractions et faits de nature politique maquillés en infractions de droit commun.

**Article 29**

Toute personne bénéficiaire de l'amnistie est remise en liberté sans délai et recouvre, sans autres formalités, ses droits civils et politiques.

**Article 30**

La loi d'amnistie entre en vigueur après sa promulgation et sa publication au Journal Officiel de Madagascar.

**Article 31**

Toute personne victime des événements politiques entre 2002 et la date de signature de la présente Charte qui aurait subi des préjudices de quelque nature que ce soit aura droit à une réparation et/ou à une indemnisation par l'Etat dont les modalités seront fixées par le CNR.

***Titre IV- Du statut des anciens Chefs d'Etat***

**Article 32**

Un statut spécial sera élaboré en vue de garantir aux anciens Chefs d'Etat, y compris le Chef d'Etat de la Transition, la considération due à leur rang passé et de préserver leur dignité, leur sécurité et leur bien-être.

Les anciens Chefs d'Etat sont nommés Sénateurs à vie.

fanamelohana sy famaizana ara-pitondrana na inona na inona karazany ary na efa tapaka tanteraka na tsia ny hampiharana azy.

• **Ny amin'ny fanomanana sy ny fandaniana ny lalàm-**pamotsoran-keloka

Andininy 27
Ny lalàm-pamotsoran-keloka dia nanaovana volavolan-dalàna izay neken'ny ankolafy politika tamin'ny ny fifampiraharahana tao amin'ny Carlton tao Antananarivo ary atovana amin'ity Dina ity. Hapetraka ho voaloham-pahamehana amin'ny fandaharam-potoanan'ny antenimiera roatonta (FKAT sy KT) io mba hankatoaviny amin'ny fivoriany voalohany avy. .

• **Ny amin'ny votoaty sy fetra fampiharana ny lalàm-pamotsoran-keloka**

Andininy 28
Voafaokan'ny lalàm-pamotsoran-keloka izay rehetra fandikan-dalàna sy filefana andraikitra ary hadisoana na toy inona na toy inona ny aminy sy ny anton-javatra niharany na ny fomba namaritana azy, ka nataon' ireo olona rehetra niankinana andraikitra fitaleavana na fanatanterahana teo anivon'ny Fanjakana ary toy izany koa ny amin'ireo tompon'andraikitra politikan'ny mpanohitra tanelanelan'ny voalohan'ny janoary 2002 sy ny vaninandro anaovana sonia ity Dina ity.

Foana ary tsy misy vokany rehefa mety ho fanenjehana, fanapahana, didim-pitsarana na didim-pitondrana fanamelohana niainga tamina fandikan-dalàna na toe-javatra politika novana endrika hanjary fandikan-dalàna tsotra.

Andininy 29
Izay olona mahazo famotsoran-keloka dia avotsotra tsy misy hataka andro ary miverina aminy tsy ilana fombafombany ny zo amin'ny maha olom-pirenena azy sy ny zo politikany.

Andininy 30
Manan-kery ny lalàm-pamotsoran-keloka rehefa navoaka sy miseho anatin'ny Gazetim-panjakan'i Madagasikara.

Andininy 31
Ny olona rehetra niharam-pahavoazana noho ny raharaha politika tanelanelan'ny 2002 sy ny vaninandro anaovana sonia ity Dina ity ka nisy tohina na tamin'inona na tamin'inona dia manan-jo hanarenana sy / na hanoneran'ny Fanjakana an'izany araka izay fombafomba hofaritan'ny FPFP

## ***Lohateny IV- Ny amin'ny satan'ireo Filoham-panjakana taloha***

Andininy 32
Hisy sata manokana iray ho volavolaina ho an'ireo Filoham-panjakana taloha, isan'izany ny Filohan'ny Fanjakana Tetezamita, hiantohana ny fiheverana aman-kaja mendrika ny laharana nisy azy teo aloha ary hitandroana ny fahamendrehany sy hiantohana ny fahalavorarian'ny fari-piainany.

Tendrena ho Loholona mandra-pahafatiny ny Filoham-Panjakana taloha.

*Titre V- De l'organisation des élections*

**Article 33**
Les élections présidentielles et législatives seront organisées dans un délai n'excédant pas quinze mois à compter de la date de signature de la Charte de la Transition, ce après une évaluation indépendante des capacités de Madagascar à organiser les élections. Cette évaluation sera conduite par des experts nationaux et internationaux de l'UA, de la SADC, de l'OIF, de l'ONU et de l'Union Européenne.

**Article 34**
**Pendant la période de la transition, et tout au long du processus électoral, Madagascar bénéficiera du soutien de la communauté internationale sur les plans politique, diplomatique, technique et financier.**
**Les élections seront observées par des observateurs nationaux et internationaux** délégués sur place.

*Titre VI - De l'élaboration de la nouvelle Constitution*
**Article 35**
La République de Madagascar sera dotée d'une nouvelle Constitution.
Le projet de Constitution prévoit en outre les dispositions suivantes :
- Le Président de la République est élu au suffrage universel direct pour un mandat de cinq ans renouvelable une fois ;
-Toute révision de la Constitution touchant à l'organisation ou au fonctionnement des pouvoirs publics ainsi qu'à la forme de l'Etat doit être ratifiée par référendum.
Le projet de Constitution soumis au référendum inclura les recommandations de la conférence nationale organisée par le Conseil National de Réconciliation.

*Titre VII - Du suivi international*
**Article 36**
La communauté internationale, témoin et garante des engagements pris dans le cadre de la Charte de la Transition, est appelée à appuyer le processus de transition, y compris l'organisation des élections.

**Article 37**
En cas de non-respect par l'une ou l'autre des mouvances signataires des engagements souscrits au terme de la présente Charte, l'assistance de l'Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar sera sollicitée.

## ***Lohateny V- Ny amin'ny fikarakarana ny fifidianana***

Andininy 33

Ny fifidianana Filoham-pirenena sy mpanao lalàna dia ho tanterahina ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny dimiambifolo volana manomboka amin'ny vaninandro anaovana sonia ny Dinan'ny Tetezamita. Izany dia aorian'ny fahavitan'ny jeritombana mahaleotena mikasika ny fahafahan'i Madagasikarara mikarakara fifidianana. Manam-pahaizana teratany sy iraisam-pirenena avy amin'ny UA, ny SADC, ny OIF, ny ONU sy ny Vondrona Eoropeana (UE) no hitarika izany jeritombana izany.

Andininy 34

Mandritra ny tetezamita sy ny fizotry ny fifidianana dia hahazo fanohanana avy amin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena i Madagasika eo amin'ny lafiny politika, diplomatika, teknika ary ara-bola.

Hanara-maso ny fifidianana ny mpanara-maso avy eto an-toerana sy avy any ivelany hirahina any an-toerana.

## ***Lohateny VI- Ny amin'ny famolavolana Lalam-panorenana vaovao***

Andininy 35

Hanana Lalam-panorenana vaovao ny Repoblikan'i Madagasikara.

Isan'ny tsy maintsy soritan'ny volavolan-dalam-panorenana ireto fepetra manaraka ireto :

- Fidina hiasa mandritra ny dimy taona amin'ny alàlan'ny latsabato ataon'ny daholobe mivantana ny Filohan'ny Repoblika, aorian'izany dia mbola azo fidina indray mandeha izy;
- Tsy maintsy hitsapana ny hevi-bahoaka izay rehetra mety ho fanitsiana ny Lalam-panorenana ka mahakasika ny fombafombam-pandaminana sy fiasan' ny fahefam-panjakana sy ny endriky ny Fanjakana.

Ampidirina ao amin'ny volavolan-dalam-panorenana hanaovana fitsapana hevi-bahoaka ireo hafatry ny fihaonam-pirenena ho tanterahin'ny Filankevi-Pirenen'ny Famitranam-pihavanana.

## ***Lohateny VII- Ny amin'ny fizohiana iraisam-pirenena***

Andininy 36

Antsoina hanohana ny fizotry ny tetezamita, ka isan'izany ny fikarakarana ny fifidianana, ny fianakaviambe iraisam-pirenena, vavolombelona sady mpiantoka ny fanomezan-toky natao tao amin'ny Dinan'ny Tetezamita.

Andininy 37

Raha misy tsy fanajan'ny iray amin'ireo ankolafy nanao sonia ny fanomezan-toky voarakitra ato amin'ity Dina ity, dia hantsoina hanampy ny Tarika Ifarimbonana amin'ny fanelanelanana momba an'i Madagasikara.

*Titre VIII - D'un climat de sérénité pendant la période de la transition*
**Article 38**
Les mouvances s'engagent à maintenir un climat de paix, de sérénité et de confiance durant toute la période de la transition afin d'en assurer le succès.

*Titre IX- Dispositions diverses et transitoires*
**Article 39**
**Les fonctions au sein des institutions et organes de la transition ne sont pas cumulables.**

**Article 40**
Pour la mise en œuvre de la présente Charte, les parties signataires conviennent des modalités suivantes :
- Dès sa signature, tous les organes et institutions prévus par la présente Charte sont mis en place dans un délai n'excédant pas trente jours;
- Les différentes mouvances politiques signataires de la présente Charte procèdent à la désignation des membres de toutes les institutions ou organes prévus dans un délai n'excédant pas trente jours.

**Article 41**
Les modalités de mise en œuvre et d'application de la présente Charte sont fixées, selon le cas, par la loi ou par ordonnance complétées le cas échéant, par décret, ou arrêtés.

**Article 42**
La présente Charte de la Transition constitue la loi constitutionnelle de la transition.

**Article 43**
Toutes les dispositions constitutionnelles, législatives et réglementaires, ainsi que toutes celles résultant d'autres textes qui ne sont pas contraires aux dispositions de la présente Charte demeurent en vigueur et s'appliquent de plein droit.

*Titre X- Signataires et entrée en vigueur de la Charte de la transition*

**Article 44**
Les mouvances politiques seront invitées à signer la Charte de la Transition.
D'autres mouvances ou entités peuvent y adhérer ultérieurement. Elles bénéficieront des droits et seront tenues par les devoirs y afférents.

**Article 45**
La présente Charte de la transition entrera en vigueur dès la date de sa signature et, conformément aux dispositions de l'Article 4 de l'Ordonnance 62-041 du 19 septembre 1962, fera l'objet d'une publicité par tous les moyens, notamment par émission radiodiffusée, télévisée ou par affichage, indépendamment de son insertion au Journal officiel de la République de Madagascar.

## ***Lohateny VIII- Ny amin'ny fahatoniana mandritra ny tetezamita***

Andininy 38
Manome toky ireo ankolafy fa hitandro ny fandriampahalemana sy fahatoniana ary fifampitokisana mandritra ny vanim-potoanan'ny tetezamita manontolo mba hiantohana ny fahombiazany.

## ***Lohateny IX- Fepetra samihafa sy tetezamita***

Andininy 39
Tsy azo ampirafesina ny andraikitra eo anivon'ny andrim-pitondrana sy rantsa-mangaikan'ny tetezamita.

Andininy 40
Ho fanatanterahana ity Dina ity dia hiarahan'ny ankolafy manao sonia manaiky ny amin'ireto fepetra manaraka ireto:

- Hatsangana ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny telopolo andro ireo rafitra sy andrim-pitondrana rehetra voalaza ato amin'ity Dina ity, raha vantany vao vita sonia izy ity ;
- Tendren'ireo ankolafy politika manao sonia ity Dina ity ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny telopolo andro ireo mpikambana amin'ny andry sy rafim-pitondrana rehetra nofaritana.

Andininy 41
Lalàna na didy hitsivolana ombana didim-panjakana na didim-pitondrana, raha ilaina, no mamaritra ny fepetra fanatanterahana sy fampiharana ity Dina ity.

Andininy 42
Ity Dinan'ny Tetezamita ity no lalam-panorenan'ny tetezamita.

Andininy 43
Mbola manan-kery ary azo ampiharina ara-dalàna tanteraka ireo fepetra rehetra raketin'ny lalam-panorenana sy ny didy aman-dalàna manan-kery ary ireo izay ateraka rijan-teny hafa ka tsy mifanohitra amin'ireo fepetra raketin'ity Dina ity.

## ***Lohateny X- Mpanao sonia sy fiandohan'ny fananan'ny Dinan'ny Tetezamita hery***

Andininy 44
Hasaina hanao sonia ny Dinan'ny Tetezamita ireo ankolafy politika.

Afaka ho isan'ny mpifanaraka koa ny ankolafy na vondrona hafa any aoriana. Hisitraka ny zo ary hiantsoraka ny adidy mifandraika amin'izany izy ireo.

Andininy 45
Manan-kery manomboka amin'ny vaninandro hanaovan-tsonia azy ity Dina ity ary, araka ny fepetra voalazan'ny Andininy 4 ao amin'ny Didy hitsivolana 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962, avoaka ho fanta-bahoaka amin'ny fomba rehetra, indrindra amin'ny alalana fandaharana amin'ny fampihelezam-peo sy ny ny fahita-lavitra na amin'ny alalan' ny peta-drindrina, ankoatra ny fanoratana azy ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

L'ordonnance de ratification de la présente Charte sera signée et publiée simultanément dans les mêmes conditions.

**Article 46**
Les représentants de toutes les forces vives du Peuple Malgache (confessions religieuses, syndicats, forces armées et de sécurité, opérateurs économiques et organisations représentatives de la société civile) seront invités à adhérer à la présente Charte de la Transition.

**Maputo, le 9 août 2009**

Ho atao sonia ary avoaka ho fanta-bahoaka miaraka amin'izany ary araka ireo fepetra ireo koa ny didy hitsivolana fankatoavana ity Dina ity hanan-kery.

Andininy 46

Hasaina ho isan'ny mpifanaraka amin'ity Dinan'ny Tetezamita ity ireo solotenan'ny herivelon'ny Vahoaka Malagasy rehetra (antokom-pinoana, sendika, foloanlindahy sy mpitandro filaminana, mpandraharaha ara-toe-karena sy fikambanana maha-solontena ny firaisamonim-pirenena).

**Maputo, anio 9 Aogositra 2009.**

**Manao sonia**

Rajoelina, Andry

Ratsiraka, Didier

Ravalomanana, Marc

Zafy, Albert

**Manao sonia ho vavolombelona**

Firaisambe Afrikana (UA)

Ablassé Ouédraogo

Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC)

Joaquim Chissano, Filohan'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara.

Fikambanan'ny tany miteny frantsay (OIF)

Edem Kodjo

Firenena Mikambana (ONU)

Tiébilé Dramé

# ANNEXES

**Proposition de LOI N° …portant amnistie**

La présente loi est adoptée dans un but d'apaisement politique et social, et afin de favoriser le processus de réconciliation nationale en cours au sein de la République de Madagascar.

**Section I. PRINCIPES GENERAUX**

Article Premier :

Les dispositions de la présente loi respectent scrupuleusement les règles, les principes généraux et coutumiers du Droit international public ainsi que les Traités ou Accords internationaux en vigueur gouvernant la répression des crimes de guerre, des crimes de génocide et des crimes contre l'humanité. Dans le respect des mêmes règles et principes, elle ne couvre ni n'exonère les violations graves des Droits de l'Homme et des Libertés fondamentales protégés par les instruments régionaux et internationaux liant la République de Madagascar. Elle ne couvre pas davantage les crimes (dits « crimes de sang ») et délits constitutifs d'atteinte à la vie ou à l'intégrité physique des personnes.

Elle s'entend dans le strict respect de la présomption d'innocence.

**Section II. AMNISTIE DE DROIT**

Article 2 :

Sont amnistiés de plein droit en raison soit de leur nature ou des circonstances de leur commission, soit du quantum de la peine prononcée, les infractions ou fautes visées aux articles ci-dessous lorsqu'elles ont été commises entre le 1er janvier 1997 et la date de la signature de la Charte de la Transition, qu'elles aient donné lieu ou non à des condamnations ou sanctions définitivement prononcées ou à des poursuites y compris les poursuites en cours et celles susceptibles de donner lieu à des jugements non définitifs.

Article 3 :

L'amnistie prévue par la présente loi bénéficie aux personnes physiques et aux personnes morales.

Article 5 :

Sont amnistiés de plein droit toutes les infractions, fautes ainsi que tous les manquements quels que soient leur nature, leur objet ou leur qualification commis par toute personne autre que celles visées à l'alinéa suivant.

Sont amnistiés de plein droit toutes les infractions, fautes ainsi que tous les manquements quels que soient leur nature, leur objet ou leur qualification, commis

**Tolo-dalàna Laharana …amotsoran-keloka**

Nolaniana ity lalàna ity mba hampitony eo amin'ny politika sy ny fiarahamonina ary mba hanome vahana ny fizotran'ny famitranam-pihavanana ataon'ny firenena izay atao amin'izao fotoana eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**Sokajy I. FOTOKEVITRA ANKAPOBE**

Andininy Voalohany :

Ny fepetra ao amin'ity lalàna ity dia manaja amin'ny antsipirihany ireo fitsipika, ireo fotokevitra ankapobeny sy efa raikitra fanao mahazatra amin'ny Lalàna iraisam-pirenena ary manaja toy izany koa ireo Fifanekena na Fifanarahana iraisam-pirenena manan-kery itondrana ny famaizana ny heloka bevava an'ady, ny heloka bevava amin'ny famongoran-taranaka sy ny heloka manosy ny mahaolona. Ao anatin'izay fanajany ireo fitsipika sy fotokevitra voalaza ireo ihany koa dia tsy anisan'ny voakasiny na afahany ny fandikana lalina ny Zon'Olombelona sy ny Falalahana fototra izay arovan'ny fifampifehezana momba izany mamatotra ny Repoblikan'i Madagasikara anatin'ny vondrom-paritra misy azy sy eo amin'ny iraisam-pirenena. Tsy foanany ny heloka bevava (atao hoe "heloky ny fandatsahan-drà") sy ny heloka tsotra voafaritra ho faningorana ny aina sy ny vatan-tenan'olombelona.

Hajain'ity Lalàna ity tanteraka ny fiheverana am-boalohany fa madio tsy meloka izay voampanga.

**Sokajy II. FAMOTSORAN-KELOKA AVY HATRANY**

Andininy 2 :

Ahazoana famotsoran-keloka avy hatrany ireo fandikan-dalàna na hadisoana izay lazain'iretsy andininy etsy ambany iretsy raha tanelanelan'ny 1 janoary 1997 sy ny daty nanasoniavana ny Dinan'ny Tetezamita no nanaovana azy, na izany noho izay amin'ny mahaizy azy na noho ny toe-javatra manodidina ny nanaovana azy na koa izany noho lanjan'ny famaizana voadidy hampiharina aminy. Izany dia na nisy na tsia didim-pitsarana fanamelohana na famaizana raikitra nivoaka momba azy na koa fanenjehana ka anisan'izany ny fanenjehana mbola eo am-periny na izay mety hiteraka fitsarana tsy mbola raikitra.

Andininy 3 :

Ny famotsoran-keloka tsinjovin'ity lalàna ity dia tombontsoana tsangan'olona sy fikambanana mizaka zo aman'andraikitra.

Andininy 5 :

Mahazo famotsorana avy hatrany ny fandikan-dalàna, hadisoana ary koa tsifanajana izay andidiana rehetra na toy inona na toy inona ny aminy, ny anton-javatra niharany na famaritana azy ka nataon'olona hafa tsy izay voatanisan'ny andàlana manaraka eto.

Mahazo famotsorana avy hatrany ny fandikan-dalàna, hadisoana ary koa tsifanajana izay andidiana rehetra na toy inona na toy inona ny aminy, ny anton-javatra niharany na ny fomba namaritana azy ka nataon'ny fitambaran'ireo olona niankinana andraikitra fitaleavana na

durant l'exercice de leurs fonctions ou responsabilités par l'ensemble des personnes ayant eu en charge les fonctions de direction ou d'exécution au sein de l'Etat ainsi que celles de responsable politique de l'opposition.

Afin de tenir compte des motifs purement politiques de certaines poursuites ou condamnations et dans le but de favoriser les processus d'apaisement politique et de réconciliation nationale, sont également amnistiées de plein droit les infractions mentionnées aux alinéas 3,4, 5 et 8 de l'article 10 ci-dessous et qui auraient été commises par les personnes visées à l'alinéa  précédent.

La loi d'amnistie couvre la période comprise entre le 1er janvier 1997 et la date de la signature de la présente Charte. Les faits survenus entre le 1er janvier 2009 et la date de cette signature qui ne sont pas couverts par la loi d'amnistie sont établis après une enquête impartiale, exhaustive, conduite par et sous le contrôle de la Commission « Vérité, Justice et Réconciliation » avec l'aide et l'appui matériel, logistique et humain fournis par l'Union Africaine, les Nations Unies, la Communauté pour le Développement de l'Afrique Australe, l'Organisation Internationale de la Francophonie et l'Union Européenne.

Article 6 :

En cas de poursuite ou condamnation pour infractions multiples, la personne poursuivie ou le condamné est amnistié(e) si la faute ou l'infraction amnistiée en application des dispositions de l'article 5 est légalement punie de la sanction ou de la peine la plus forte ou encore d'une sanction ou d'une peine égale à celles qui sont prévues pour les autres infractions poursuivies, sauf si l'une de ces fautes ou infractions est exclue du bénéfice de la présente loi en application de l'art..

**Section III. CONTESTATIONS RELATIVES A L'AMNISTIE DE DROIT**

Article 7 :

Les contestations relatives à l'amnistie de droit prévue par la Section II ci-dessus sont soumises aux règles de compétence et de procédure prévues par les articles… du Code de procédure pénale.

En l'absence de condamnation définitive, les contestations sont soumises à la juridiction compétente pour statuer sur la ou les poursuite(s).

**Section IV. AMNISTIE PAR MESURE INDIVIDUELLE**

Article 8 :

fanatanterahana teo anivon'ny Fanjakana teo am-panatontosana ny asany na ny andraikiny ary toy izany koa ny amin'ny asa aman'andraikitra politikan'ny mpanohitra.

Mba hiazonana ny antony politika ankitsirano nahatonga ny fanenjehana na fanamelohana sasany ary mba hanomezana vahana ny fizotran'ny fampitoniana politika sy famitranam-pihavana ataon'ny firenena dia ahazoana famotsorana avy hatrany koa ireo fandikan-dalàna lazain'ny andàlana faha 3, 4 sy faha 8 amin'ny andininy faha 10 etsy ambany izay mety ho nataon'ny olona voalazan'ny andàlana etsy aloha.

Ny lalàna amotsoran-keloka dia misahana ny fotoana anelanelan'ny 01 janoary 1997 sy ny daty anasoniavana ny Dina. Ny zava-niseho tanelanelan'ny 1 janoary 2009 sy ny vaninandron'io fanasoniavana io ka tsy voasahan'ny lalàna amotsoran-keloka dia hatombina ny momba azy rehefa ho natao ny famotorana tsy mitanila, mahafoaka ny sehon-javatra rehetra, izay ny Vaomiera "Fahamarinana sy Famitranam-pihavanana" no mitarika sy manara-maso azy, omban'ny fanampiana sy fanohanana eo amin'ny fitaovana hoenti-miasa sy olona avy amin'ny Firaisambe Afrikana, ny Firenena Mikambana , Vondrom-pampandrosoana an'i Afrika faritra atsimo, ny Vondrona iraisam-pirenen'ny fiteny frantsay ary ny Fivondronambe Eoropeana.

Andininy 6 :

Raha misy fanenjehana na fanamelohana maroloha ny olona iray dia mahazo famotsoran-keloka iny olona voaenjika na voaheloka iny raha ohatra ka ny hadisoana na fandikan-dalàna votsotra amin'ny fampiharana ny andininy faha-5 no ahazoany araka ny lalàna ny sazy na famaizana mavesatra indrindra na koa sazy na famaizana mitovy amin'izay natao ho an'ireo fandikan-dalàna hafa anenjehana, raha tsy hoe voavaka ivelan'izay ahazoana tombontsoa amin'ity lalàna ity ny iray amin'ireo hadisoana na fandikan-dalàna ireo ho fampiharana ny andininy faha…..

## Sokajy III. FANOHERANA ATAO AMIN'NY FAMOTSORAN-KELOKA AVY HATRANY

Andininy 7 :

Ny fanoherana atao amin'ny famotsoran-keloka avy hatrany voafaritry ny Sokajy II etsy ambony dia fehezin' ny fitsipika momba ny fanondroana ny fitsarana mahefa sy ny paik'ady voasoritry ny andininy faha-… … ao amin' ny Fehezan-dalàna momba ny fombam-pitsaran-keloka.

Raha tsy misy fanamelohana raikitra dia atolotra ny fitsarana mahefa ny fanoherana ny amin'ilay na ireo fanenjehana.

## Sokajy IV. FAMOTSORAN-KELOKA MANOKANA

Andininy 8 :

Le Chef de l'Etat peut admettre par décret, au bénéfice de l'amnistie les personnes physiques poursuivies ou condamnées pour toute faute ou infraction commise durant la période visée à l'article 2 ci-dessus à l'exception des infractions visées par les article(s) premier et 10 de la présente loi.

La demande d'amnistie peut être présentée sur requête individuelle par toute personne dans un délai d'un an à compter de la publication de la présente loi.

## Section V. AMNISTIE DES SANCTIONS ADMINISTRATIVES, DISCIPLINAIRES OU PROFESSIONNELLES

Article 9 :

Sont amnistiées les sanctions administratives, disciplinaires ou professionnelles prononcées :

- soit à la suite d'une condamnation pénale, si celle-ci est amnistiée ;
- soit à l'occasion de la seule procédure disciplinaire.

Sauf mesure individuelle accordée par décret du Chef de l'Etat, sont exceptés du bénéfice de l'amnistie prévue par le présent article les faits constituant des manquements à l'honneur, à la probité ou aux bonnes mœurs.

La demande d'amnistie peut être présentée par toute personne intéressée dans un délai d'un an à compter de la publication de la présente loi. Les contestations relatives au bénéfice de l'amnistie des sanctions administratives, disciplinaires ou professionnelles définitives ou en cours sont portées devant l'autorité ou la juridiction qui a rendu la décision. L'intéressé peut saisir cette autorité ou juridiction en vue de faire constater que le bénéfice de l'amnistie lui est effectivement acquis. En l'absence de décision définitive, ces contestations sont portées devant l'autorité ou la juridiction saisie de la ou des poursuites. L'exécution de la sanction est suspendue jusqu'à ce qu'il soit statué sur la demande. Le recours contentieux contre la décision de rejet de la demande a également un caractère suspensif.

## Section VI. EXCLUSIONS DE L'AMNISTIE

Article 10 :

Sont exclues du bénéfice de l'amnistie prévue par la présente loi les fautes ou infractions suivantes, qu'elles aient été reprochées à des personnes physiques ou à des personnes morales :

(1) les crimes internationaux ainsi que les atteintes graves aux Droits de l'homme et aux libertés fondamentales visées à l'article premier ci-dessus ;

Ny Filohan'ny Fanjakana dia afaka mampiditra amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ho anisan'ny mahazo famotsoran-keloka ireo tsangan'olona voatory na voaheloka noho izay hadisoana na fandikan-dalàna tanatin'ny fotoana lazain'ny andininy faha-2 etsy ambony, hafa tsy izay fandikan-dalàna voalazan'ny andininy voalohany sy faha-10 amin'ity lalàna ity.

Ny fangatahana famotsoran-keloka dia azon'ny olona na iza na iza atao ho azy tenany manokana ao anatin'ny herin-taona manomboka amin'ny amoahana ity lalàna ity.

## Sokajy V. FAMOTSORANA NY FAMAIZANA ARA-PITONDRANA, ARA-PITSIPIPIFEHEZANA NA EO AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHA

Andininy 9 :

Ahazoana famotsorana ny famaizana ara-pitondrana, ara-pitsipipifehezana na eo amin'ny asa aman-draharaha izay azo:

- na noho ny fanamelohana tamin'ny adiheloka, raha toa io nahazoana famotsoran-keloka
- na noho ny paikady ara-pitsipipifehezana fotsiny ihany.

Raha tsy famotsoran-keloka manokana omen'ny Filoham-Panjakana, dia tsy anisan'ny ahazoana ny tombontsoan'ny famotsoran-keloka lazain'ity andininy ity ny toe-javatra faritana ho. fanaovana z'inona ny haja amam-boninahitr'olona, ny fahamarinana na ny fomba tandrovin'ny taniamamonina.

Ny fangatahana famotsoran-keloka dia azon'ny olona na iza na iza voakasik'izany atao ao anatin'ny herin-taona manomboka amin'ny amoahana ity lalàna ity. Ny fanoherana atao amin'ny tombontsoan'ny famotsorana famaizana ara-pitondrana, ara-pitsipipifehezana na eo amin'ny asa aman-draharaha na efa raikitra ny famaizana na an-dàlana ho amin'izany dia entina eo amin'ny manam-pahefana na ny fitsarana izay nanao ny fanapahana. Afaka mampakatra eo amin'izany fahefana na fitsarana izany ilay voakasika mba hahitan'io fototra fa tena azony tokoa ny tombontsoan'ny famotsoran-keloka. Raha tsy mbola misy fanapahana raikitra dia entina ao anatrehan'ny fahefana na fitsarana nampakarana ilay na ireo fitoriana ny fanoherana. Mihantona aloha ny fampiharana ny famaizana mandra-pisin'ny fanapahana momba ilay fangatahana. Mampihantona tahaka izany koa ny fampakaran' olana manohitra ny fandavana ilay fangatahana.

## Sokajy VI. ANTON-JAVATRA TSY AZO ANOMEZANA FAMOTSORAN-KELOKA

Andininy 10

Tsy anisan’ny mahazo tombotsoa amin’ny famotsoran-keloka voalazan’izao lalàna izao ireto fahadisoana na fandikan-dalàna manaraka ireto, ka naniniana tsangan’olona na fikambanana mizaka ny zo aman' andraikitry ny isam-batan'olona

ireo heloka bevava iraisam-pirenena sy ny fanohintohinana lalina ny Zon’olombelona sy ny falalahana fototra voatondron’ny andininy voalohany etsy ambony ;

(2) les crimes et délits constitutifs d’atteintes volontaires à la vie et à l’intégrité physique des personnes ;
(3) les infractions prévues par les articles 169 à 172 inclus du Code pénal relatives aux soustractions et détournements commis dans l'exercice d'une fonction publique ;
(4) les infractions prévues par les articles 177 à 183.2 du Code pénal concernant la corruption ;
(5) les infractions prévues par l'article 174 du Code pénal relatives aux concussions commises par les fonctionnaires publics ;
(6) les atteintes volontaires à l’intégrité physique ou psychique d’un mineur de quinze ans ou d’une personne particulièrement vulnérable prévues par les articles… du Code pénal ; les infractions de nature sexuelle ou commises contre des mineurs visés par les articles… du Code pénal ;
(7) les infractions en matière de trafic de stupéfiants prévus par les articles… du Code pénal ;
(8) les infractions à la législation et à la réglementation en matière douanière, fiscale ou de relations financières avec l’étranger ;
(9) les délits d’association de malfaiteurs prévus par le Code pénal ; délits de blanchiment prévus par … ; délits de proxénétisme ; délits de soustraction d’enfants ;
(10) les infractions en matière de fausse monnaie prévues par l’article 132 du Code pénal.

Les dispositions des alinéas 3, 4, 5 et 8 s’appliquent sans préjudice du cas de toutes personnes autres que celles visées à l’article 5, al 2 et 3 ci-dessus qui aurait été poursuivies ou condamnées pour de telles infractions pour des motifs politiques ou dans un but politique. La situation de ces personnes fait l’objet d’un examen en urgence par la CNR par saisine de l’intéressé. La CNR statue sur le cas de ces personnes dans le délai de…]

## Section VII. EFFETS DE L’AMNISTIE

Article 11

L’amnistie fait obstacle à toute enquête ou instruction de quelque nature que ce soit ou annule celles qui sont en cours. Elle efface les condamnations prononcées ou éteint l’action publique en emportant les conséquences prévues par les articles…. du Code pénal et … du Code de procédure pénale. Elle entraîne sans qu’elle puisse donner lieu à restitution la remise des peines et des mesures de police et de sûreté.

Toute référence par une personne physique ou morale à une sanction ou à une condamnation amnistiée sur le fondement de la présente loi est punie par une amende de… dans les conditions prévues par le Code…

- ireo heloka bevava sy heloka tsotra voafaritra ho faningorana ny aina sy ny vatan-tenan'olombelona ;
- ireo fandikan-dalàna voalazan'ny andininy 169 hatramin'ny 172 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana mikasika ny fakàna sy fanodinkodinana vola natao teo am-panaovana ny asam-panjakana
- ireo fandikan-dalàna voalazan' ny andinîny faha-177 hatramin'ny faha-I83.2 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana mikasika ny kolikoly ;
- ireo fandikan-dalàna voalazan'ny andininy 174 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana mikasika ny fitadiavam-bola amin'olona ataon'ny mpiasam-panjakana ;
- ny fanohintohinana iniana atao ho faningorana ara-batana na ara-tsaina zaza latsaky ny dimy ambin'ny folo taona na olona tena marefo voalazan'ny andininy…ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana ; ny fandikan-dalàna mamoafady na natao tamin'ny zaza tsy ampy taona voatondron'ny andininy….ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana ; ny fandikan-dalàna mikasika fivarotana zava-mahadomelina voalazan'ny andininy ….ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana ;
- Ny fandikan-dalàna sy fitsipika mikasika ny fadintseranana, ny hetra na fifandraisana ara-bola amin'ny any ivelany ;
- Ny heloka mikasika fananganana fikambanan'ny mpanao ratsy voalazan'ny Fehezan-dalàna famaizana ; ny heloka mikasika ny famotsiam-bola voalazan'ny…., ny heloka mikasika ny fanerana olona ho amin'ny fijangajangana; ny heloka mikasika ny fangalaran-jaza ;
- Ny fandikan-dalàna mikasika fanaovana vola sandoka voalazan'ny andininy 132 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana.

Ireo fepetra ao amin'ny andàlana faha-3, 4, 5 sy 8 dia ampiharina nefa tsy tohintohinina ny momba izay olona rehetra hafa noho ireo voatondro ao amin'ny andininy faha-5, andàlana 2 sy 3 etsy ambony ka nenjehana na nohelohana noho ny fandikan-dalàna manana endrika politika na noho ny antony politika. Ny mikasika ireo olona ireo dia hanaovan'ny FPFP fandinihana maika rehefa nampakarin'ny voakasika teo anatrehany ny raharaha. Ny FPFP no manapaka ny momba ireo olona ireo ao anatin'ny fotoana voafetra…]

## Sokajy VII. VOKATRY NY FAMOTSORAN-KELOKA

Andininy 11

Ny famotsoran-keloka dia manakana izay rehetra fakana am-bavany na famotorana na manafoana izay rehetra eo an-dalam-panaovana izany. Fafany ireo fanamelohana efa tapaka na faranany ny fanarahan'ny fanjakana miaraka amin'ny fiantraikany voalazan'ny andininy…ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana sy ….ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fombam-pitsaran-keloka. Mitarika famelana ny sazy sy ny fepetra natao hitandroana ny filaminana sy hiarovana ny mpiara-belona izany, na dia tsy misy famerenan-jo aza izany.

Izay rehetra fitsiahy sazy na fanamelohana novotsoran-keloka mifototra amin'izao lalàna izao, ka ataon'olon-tsotra na fikambanana mizaka zo aman'andraikitry ny isam-batan'olona dia saziana vola mitentina….araka ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna…

Article 12

L’amnistie entraîne le recouvrement au bénéfice des personnes condamnées ou poursuivies de l’intégralité de leurs droits civils et politiques.

L’amnistie entraîne de droit la réintégration des personnes intéressées dans les offices publics ou ministériels, dans les fonctions, emplois, grades ou professions publiques ou privées. Elle donne lieu le cas échéant à reconstitution de carrière. Elle entraîne la réintégration dans les divers droits à pension à compter de la date de la publication de la présente loi en ce qui concerne l’amnistie de droit et à compter du jour où l’intéressé est admis à son bénéfice en ce qui concerne l’amnistie par mesure individuelle. La liquidation des droits à pension se fait selon la législation et la règlementations prévues par le régime de retraite applicables aux intéressés en vigueur à la date de la publication de la présente loi.

Tout militaire des Armées de terre, de mer et de l'air qui aura perdu son grade, ses décorations ou ses droits à pension en vertu des condamnations prononcées pour des faits amnistiés par la présente loi, pourra, par décret être réintégré dans lesdits grades et décorations.

Article 13

Il est interdit à quiconque de rappeler, ou de laisser subsister sous quelque forme que ce soit dans un dossier judiciaire ou de police ou tout autre documents les condamnations et déchéances effacées par l'amnistie.

Seules les minutes de jugements déposées dans les greffes échappent à cette interdiction.

Les contraventions aux dispositions du présent article seront punies d'une peine d’emprisonnement de un à trois mois. Elles donneront lieu, le cas échéant, à des sanctions disciplinaires pouvant aller jusqu'à la révocation ou à la destitution.

Article 14

En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l’article 4 de l’ordonnance n° 62-041 du 19 septembre I962 relative aux dispositions générales de droit international privé, la présente loi entre en vigueur dès qu'elle aura reçu une publicité suffisante notamment par émission radiodiffusée, télévisée ou affichage indépendamment de son insertion au Journal officiel de la République.

Article 15

La présente loi sera publiée au Journal officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Andininy 12

Ny famotsoran-keloka dia mitarika famerenana ho an’ireo olona nohelohana sy nohenjehana ny zo rehetra maha olom-pirenana sy ny zo politika.

Ny famotsoran-keloka dia mitarika ny famerenana ireo olona voakasika amin’ny fandraharaham-bahoaka na ministera, amin’ny raharaha sy asa ary laharana na amin’ny asam-panjakana na an’olon-tokana. Mety hitarika ny famerenana indray amin’ny anton-draharaha izany, raha ilaina. Mamerina ny zo fisotroan-dronono isan-karazany miantomboka amin’ny vaninandro ivoahan’izao lalàna izao raha famotsoran-keloka avy hatrany ary miatomboka amin’ny andro tokony hisitrahan’izay voakasika izany raha famotsoran-keloka manokana. Ny fanefana ny zo fisotroan-dronono dia tontosaina araka ny lalàna sy fitsipika voalazan’ny didy aman-dalàna mifehy ny fisotroan-dronono azo ampiharina ho an’ireo voakasika, ka manan-kery amin’ny vaninandro ivoahan’ity lalàna ity.

Izay miaramila rehetra an-tanety, an-dranomasina na an’habakabaka tsy nisitraka ny laharany, ny fanolorana mari-boninahitra ary ny zo fisotroan-dronono noho ny fanamelohana azy ireo tamin’ny anton-javatra novotsoran-keloka amin’ity lalàna ity dia azo ampidirina indray, amin’ny alàlan’ny didim-pitondrana, eo amin’ireo laharana sy fanolorana mari-boninahitra voalaza ireo.

Andininy 13

Tsy azon' iza na iza tsiahivina intsony, na avela hitoetra na amin’ny endrika inona na amin’ny endrika inona ao amin' ny taratasim-pitsarana na taratasim-pitandroam-pilaminana na izay antontan-taratasy hafa, ny fanamelohana sy fanonganana nofafan’ny famotsoran-keloka.

Ny firaketana an-tsoratra ny fizotry ny fitsarana napetraka ao amin'ny firaketan-draharahan’ny fitsarana no hany tsy voakasika amin' izany fandrarana izany.

Ny fandikana atao amin' ny fepetra voalazan'izao andininy izao dia hosaziana fampidirana antranomaizina iray ka hatramin’ny telo volana. Azo hanomezana sazy ara-pitsipi-pifehezana izay mety ho tonga hatramin' ny fandroahana amin' ny asa na ny fanonganana izany, raha ilaina.

Andininy 14

Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan’ny andininy faha-4 amin'ny hitsivolana laharana faha-62-041tamin’ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe soritan’ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran’ny isambatan'olona, dia manan-kery izao lalàna izao raha vantany vao nampahafantarina araka izay tokony ho izy indrindra amin' ny famoahana azy amin’ny fampielezam-peo, fahitalavitra na peta-drindrina, ankoatra ny famoahana azy amin’ny Gazetim-panjakan’ny Repoblika.

Andininy 15

Havoaka amin' ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

# IV. ACCORDS /

# FIFANARAHANA

# ACCORD N°1 DE MAPUTO SUR L'ANNULATION DES CHARGES RELATIVES AUX EVENEMENTS DE 2002 A MADAGASCAR

Dans le cadre du mandat de l'Equipe Conjointe de Médiation Dans le cadre du mandat de l'Equipe conjointe de Médiation pour Madagascar sous l'égide de l'Union Africaine de la SADC, de l'OIF et des Nations Unies,

Ayant échangé des points de vue sur un certain nombre de questions visant à la résolution durable de la crise à Madagascar,

Ayant en particulier considéré la question de l'annulation des charges relatives aux évènements de 2002 et du cas du Président Ravalomanana,

Déterminés dans un esprit de réconciliation et avec la volonté de placer l'intérêt national au dessus des intérêts particuliers,

**Article 1**

Nous les quatre chefs de file réunis au Centre International de Conférences Joaquim Chissano à Maputo, Mozambique du 5 au 8 août 2009, déclarons que sont nulles et de nul effet et avec effet immédiat toutes les sanctions administratives, toutes les condamnations judiciaires prononcées dans le cadre des évènements à Madagascar.

**Article 2**

Les chefs de file des mouvances s'engagent à prendre des mesures appropriées pour mettre en œuvre le présent accord, notamment les réparations civiles, les reconstitutions de carrière et la prise en compte des préjudices subis.

**FIFANARAHANA VOALOHAN'I MAPUTO MOMBA NY FANAFOANANA IREO ANDRAIKITRA NOBABEN'IREO VOAKASIKY NY ZAVA-NISEHO TAMIN'NY 2002**

Anatin'ny andraikitra nanirahana ilay Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara izay ambany fiahian'ny Firaisambe Afrikana (AU), ny Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC), ny Fikambanan'ny tany miteny frantsay ary ny Firenena Mikambana,

Rehefa nifanakalo fijery momba ny lafin-kevitra maromaro mikendry vahaolana mateza ho an'ny fifanenjanana ao Madagasikara,

Rehefa nandinika indrindra ny amin'ny fanafoanana ny andraikitra nobaben'ireo voakasiky ny zava-niseho tamin'ny 2002,

Entin'ny fahavononan'ny saina mankamin'ny famitranam-pihavanana ary entanin'ny finiavana hanome vahana ny soan'ny firenena mihoatra noho ireo tombontsoa manokana isan-karazany,

***Andininy 1***

Izahay mpitarika efatra tafavory eto amin'ny Toerana Foibem-pivoriana iraisam-pirenena Joaquim Chissano eto Maputo, Mozambika ny 5 hatramin'ny 8 Aogositra 2009 dia manambara fa foana avy hatrany ary tsy misy vokany koa rehefa mety ho famaizana ara-pitondrana sy izay rehetra fanamelohan'ny fitsarana noho ny zava-niseho teto Madagasikara tamin'ny 2002.

***Andininy 2***

Manome toky Ireo mpitarika ny ankolafy fa handray ny fepetra tandrify ahazoana mampihatra ity fifanarahana ity, singanina amin'izany ny fanarenana ny fahavoazana maha olom-pirenena , ny famerenana ny fitohizan'ny asa amin'ny laoniny ary ny fiheverana ireo fanohintohinana nozakaina isan-karazany.

**Ont signé**

| | |
|---|---|
| Rajoelina, Andry | Ratsiraka, Didier |
| Ravalomanana, Marc | Zafy, Albert |
| Pour l'UA<br>Ablassé Ouédraogo | Pour la SADC<br>Joaquim Chissano |

**Manao sonia**

| | |
|---|---|
| Rajoelina, Andry | Ratsiraka, Didier |
| Ravalomanana, Marc | Zafy, Albert |

**Manao sonia ho vavolombelona**

Firaisambe Afrikana (UA)

Ablassé Ouédraogo

Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC)

Joaquim Chissano, Filohan'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara.

Fikambanan'ny tany miteny frantsay (OIF)

Edem Kodjo

Firenena Mikambana (ONU)

Tiébilé Dramé

Natao teto Maputo ny Aogositra 2009

# ACCORD N° 2 DE MAPUTO SUR LE CAS DU PRESIDENT MARC RAVALOMANANA

Dans le cadre du mandat de l'Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar sous l'égide de l'Union Africaine, de la SADC, de l'OIF et des Nations Unies,

Ayant échangé des points de vue sur un certain nombre de questions visant à la résolution durable de la crise à Madagascar,

Ayant en particulier examiné le cas du Président Ravalomanana

Déterminés dans un esprit de réconciliation et avec la volonté de placer l'intérêt national au dessus des intérêts particuliers,

**Article 1**

Nous les quatre chefs de file des mouvances politiques de Madagascar réunis au Centre International de Conférences Joaquim Chissano à Maputo, Mozambique du 5 au 8 août 2009, demandons l'annulation de la condamnation judiciaire de M. Marc Ravalomanana compte tenu des conditions dans lesquelles le procès s'est déroulé.

**Article 2**

Les chefs de file des mouvances demandent la cessation la cessation des poursuites en cours et la remise en liberté immédiate des détenus politiques concernés par les événements de 2009. Les chefs de file s'engagent à mettre en œuvre cet accord conformément à l'article 15 de l'Accord politique de Maputo relatif aux préjudices subis lors des événements politiques de 2002, 2006, 2008 et 2009.

**Article 3**

Les chefs de file s'engagent à instaurer un climat de paix et de sécurité pour tous les Malgaches. Ils lancent un appel pour mettre fin à toutes les manifestations susceptibles de créer des tensions politiques et sociales.

# FIFANARAHANA FAHAROA MIKASIKA NY FILOHA RAVALOMANANA

Anatin'ny andraikitra nanirahana ilay Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara izay ambany fiahian'ny Firaisambe Afrikana (AU), ny Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC), ny Fikambanan'ny tany miteny frantsay ary ny Firenena Mikambana,

Rehefa nifanakalo fijery momba ny lafin-kevitra maromaro mikendry vahaolana mateza ho an'ny fifanenjanana ao Madagasikara,

Rehefa nandinika indrindra ny mikasika ny Filoha Ravalomanana,

Entin'ny fahavononan'ny saina mankamin'ny famitranam-pihavanana ary entanin'ny finiavana hanome vahana ny soan'ny firenena mihoatra noho ireo tombontsoa manokana isan-karazany,

***Andininy 1***

Izahay mpitarika efatra tafavory eto amin'ny Toerana Foibem-pivoriana iraisam-pirenena Joaquim Chissano eto Maputo, Mozambika ny 5 hatramin'ny 8 Aogositra 2009 dia mangataka ny fanafoanana ny didim-pitsarana fanamelohana an’Andriamatoa Ravalomanana Marc noho ireo fepetra nizoran’ny fitsarana.

***Andininy 2***

Ireo mpitarika ny ankolafy rehetra dia mangataka ny fampitsaharana ny fanenjehana rehetra sy ny famotsorana avy hatrany ireo voafonja noho ny antony politika tamin’ny zava-niseho tamin’ny 2009. Manome toky ireo mpitarika ny ankolafy rehetra fa hampihatra ity fifanarahana ity araka ny andininy faha-15 ny fifanarahana politikan’i Maputo mikasika izay rehetra fanohintohinana nozakaina noho ny zava-niseho ara-politika tamin’ny 2002, 2006, 2008 ary 2009.

***Andininy 3***

Manome toky ny mpitarika ny ankolafy rehetra fa hitandro ny fitoniana sy filaminana ho an’ny Malagasy rehetra. Manao antso avo izy ireo hampitsaharana ny fihetsiketsehena rehetra mety hiteraka fihenjanana politika sy eo amin’ny fiarahamonina.

**Article 4**

Les chefs de file des mouvances de Madagascar déclarent que le retour du Président Ravalomanana au pays ne saurait ne saurait être envisagé jusqu'à l'instaurationd'un environnement politique et sécuritairefavorable.

**Article 5**

Les autorités de la transition prennent l'engagement de veiller à la protection de la famille et des biens du président Ravalomanana

**Ont signé**

| | |
|---|---|
| Rajoelina, Andry | Ratsiraka, Didier |
| Ravalomanana, Marc | Zafy, Albert |
| Pour l'UA<br>Ablassé Ouédraogo | Pour la SADC<br>Joaquim Chissano |

***Andininy 4***

Manambara ny mpitarika ny ankolafy rehetra fa tsy azo heverina ny fiverenan'ny Filoha Ravalomanana an-tanindrazana raha tsy misy ny fahatoniana politika sy filaminana azo itokisana.

***Andininy 5***

Manome toky ny manam-pahefana eo amin'ny tetezamita fa hitandro ny fiarovana ny fianakaviana sy ny fananan'ny Filoha Ravalomanana.

**Manao sonia**

Rajoelina, Andry

Ratsiraka, Didier

Ravalomanana, Marc

Zafy, Albert

**Manao sonia ho vavolombelona**

Firaisambe Afrikana (UA)

Ablassé Ouédraogo

Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC)

Joaquim Chissano, Filohan'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara

Fikambanan'ny tany miteny frantsay (OIF)

Edem Kodjo

Firenena Mikambana (ONU)

Tiébilé Dramé

Natao teto Maputo ny 8 Aogositra 2009

## ACCORD N°3 SUR L’ANNULATION DES CONDAMNATIONS ENVERS DES PERSONNALITÉS POLITIQUES, CIVILES ET MILITAIRES SOUS LE RÉGIME RAVALOMANANA

Dans le cadre du mandat de l’Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar sous l’égide de l’Union Africaine, de la SADC, de l’OIF et des Nations Unies,

Ayant échangé des points de vue sur un certain nombre de questions visant à la résolution durable de la crise à Madagascar,

Ayant en particulier examiné le cas des personnalités politiques, civiles ou militaires poursuivis et condamnés sous le régime Ravalomanana,

Déterminés dans un esprit de réconciliation et avec la volonté de placer l’intérêt national au dessus des intérêts particuliers,

**Article 1**

Nous les quatre chefs de file des mouvance politiques de Madagacar réunis au Centre International de Conférences Joaquim Chissano à Maputo, Mozambique du 5 au 8 août 2009, déclarons nules et de nul effet et avec effet immédiat toutes les sanction administratives, toutes les condamnations judiciaires prononcées et couvrant la période de décembre 2002 à août 2009 contre des personnalités politiques, civiles ou militaires pour infractions et faits de nature politique maquillés en infractions de droit commun ou pour atteinte à la sureté intérieure de l'Etat.

**Article 2**

Les quatre chefs de file des mouvances s'engagent à prendre des mesures appropriées pour mettre en œuvre le présent engagement, notamment les réparations civiles, les reconstitutions de carrière et la prise en compte des préjudices subis.

**FIFANARAHANA FAHATELO MIKASIKA NY FANAFOANANA IREO FANENJEHANA SY FANAMELOHANA IREO MPANAO POLITIKA SIVILY NA MIARAMILA NANDRITRA NY FITONDRANA RAVALOMANANA**

Anatin'ny andraikitra nanirahana ilay Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara izay ambany fiahian'ny Firaisambe Afrikana (AU), ny Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC), ny Fikambanan'ny tany miteny frantsay ary ny Firenena Mikambana,

Rehefa nifanakalo fijery momba ny lafin-kevitra maromaro mikendry vahaolana mateza ho an'ny fifanenjanana ao Madagasikara,

Rehefa nandinika indrindra ny mikasika ireo mpanao politika sivily na miaramila niharan'ny fanenjehana sy fanamelohana nandritra ny fitondrana Ravalomanana,

Entin'ny fahavononan'ny saina mankamin'ny famitranam-pihavanana ary entanin'ny finiavana hanome vahana ny soan'ny firenena mihoatra noho ireo tombontsoa manokana isan-karazany,

***Andininy 1***

Izahay mpitarika ny ankolafy politika efatra eto Madagasikara tafavory eto amin'ny Toerana Foibem-pivoriana iraisam-pirenena Joaquim Chissano eto Maputo, Mozambika ny 5 hatramin'ny 8 Aogositra 2009 dia manambara fa foana avy hatrany ary tsy misy vokany koa rehefa mety ho famaizana ara-pitondrana sy izay rehetra fanamelohan'ny fitsarana ireo mpanao politika sivily na miaramila noho ny fandikana na toe-javatra amin'ny politika novana endrika hanjary fandikan-dalàna tsotra na noho ny fanohintohinana ny filaminam-bahoaka tanelanelan'ny Desambra 2002 sy Aogositra 2009.

***Andininy 2***

Manome toky Ireo mpitarika ny ankolafy rehetra fa handray ny fepetra tandrify ahazoana mampihatra ity fifanarahana ity, singanina amin'izany ny fanarenana ny fahavoazana maha olom-pirenena, ny famerenana ny fitohizan'ny asa amin'ny laoniny ary ny fiheverana ireo fanohintohinana nozakaina isan-karazany.

**Ont signé**

| | |
|---|---|
| Rajoelina, Andry | Ratsiraka, Didier |
| Ravalomanana, Marc | Zafy, Albert |
| Pour l'UA<br>Ablassé Ouédraogo | Pour la SADC<br>Joaquim Chissano |

**Manao sonia**

Rajoelina, Andry

Ratsiraka, Didier

Ravalomanana, Marc

Zafy, Albert

**Manao sonia ho vavolombelona**

Firaisambe Afrikana (UA)

Ablassé Ouédraogo

Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC)

Joaquim Chissano, Filohan'ny Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara

Fikambanan'ny tany miteny frantsay (OIF)

Edem Kodjo

Firenena Mikambana (ONU)

Tiébilé Dramé

Natao teto Maputo ny 8 Aogositra 2009

## V. CHARTE DES VALEURS /

## TENIERANA MOMBA NY SOATOAVINA

# CHARTE DES VALEURS

Dans le cadre du mandat de l'Equipe Conjointe de Médiation pour Madagascar sous l'égide de l'Union Africaine, de la SADC, de l'OIF et des Nations Unies,

Ayant échangé des points de vue sur un certain nombre de questions visant à la résolution durable de la crise à Madagascar,

Déterminés dans un esprit de réconciliation et avec la volonté de placer l'intérêt national au dessus des intérêts particuliers,

Nous les quatre chefs de file réunis au Centre International de Conférences Joaquim Chissano à Maputo, Mozambique du 5 au 8 août 2009, décidons de signer la présente Charte des valeurs et de nous engager à en respecter les principes fondamentaux et à promouvoir pendant les négociations ainsi que pendant la période de Transition, notamment :

1. La non-violence

2. La non-discrimination

3. L'assistance aux pauvres

4. Le respect de la parole donnée

5. La tolérance

6. Le pardon

7. La réconciliation et le respect mutuel

## TENIERANA MOMBA NY SOATOAVINA

Anatin'ny andraikitra nanirahana ilay Tarika Ifarimbonana amin'ny Fanelanelanana momba an'i Madagasikara izay ambany fiahian'ny Firaisambe Afrikana (AU), ny Vondrona Fampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC), ny Fikambanan'ny tany miteny frantsay ary ny Firenena Mikambana,

Rehefa nifanakalo fijery momba ny lafin-kevitra maromaro mikendry vahaolana mateza ho an'ny fifanenjanana ao Madagasikara

Entin'ny fahavononan'ny saina mankamin'ny famitranam-pihavanana ary entanin'ny finiavana hanome vahana ny soan'ny firenena mihoatra noho ireo tombontsoa manokana isan-karazany,

Izahay mpitarika efatra tafavory eto amin'ny Toerana Foibem-pivoriana iraisam-pirenena Joaquim Chissano eto Maputo, Mozambika ny 5 hatramin'ny 8 Aogositra 2009 dia manapa-kevitra fa hanao sonia ity Tenierana momba ny soatoavina ity ary manome toky fa hanaja ny fotokevi-dehibe sy hanao izay hampiroboroboana izany mandritra ny fifampidinihana sy mandritra ny vanim-potoanan'ny tetezamita, indrindra :

1. Ny tsifampiasan-kery

2. Ny tsifanavahana

3. Ny fitsimbinana ireo mahantra

4. Ny fanajana ny teny nomena

5. Ny fifampizakana

6. Ny fifamelana

7. Ny famitranam-pihavanana sy ny fifanajana

**Manao sonia**

Rajoelina, Andry — Ratsiraka, Didier

Ravalomanana, Marc — Zafy, Albert